

DREN BONGOLAVA

5

VOASAZY 2 TAONA AN-TRANOMAIZINA
MANDOA ONITRA AMIN'IREO MPAMPIANATRA

MARINA IZANY !

6

MAMPITENY NY MOANA !

"BASKET-BALL TOUR 2024"

11

MPANDRAY ANJARA 800

NO ANDRASANA

ANTANANARIVO RENIVOHIRA /
FAMATSIANA RANO

15

36 ISANJATON'NY KARTIE

MIJALY AVOKOA

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7855 Taona faha-26 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 26 April 2024

IZY NO IZY

RANDY DONNY

3

"NY FAHALA-
LANA NO SOA-
TOAVINA FA
TSY NY VOLA"



TSY FISIAN'NY TANY TAN-DALANA

6

MIJORO IREO MPAHAY LALANA
MIKASA HANOVA ZAVATRA

TOAMASINA

5

NOVONAINA ILAY LEHILAHY
NOTSINDRIANA VATO NY FATINY



HAKANTO CONTEMPORARY
TSIAHY HO AN'I DANY BE



2

SARY PIKA 168 HARANTY

RAHARAHAM-PIFIDIANANA

7

HIJERY AKAIKY NY FFKM

CANAL+

VOUS N'EN CROIREZ
PAS VOS ŒUFS !!!

60.000*
ARIARY
DECODEUR + EVASION
INSTALLATION OFFERTE
DU 21 MARS AU 28 AVRIL

PROMO VENTE
FLASH
50.000*
ARIARY
DECODEUR + ACCESS
INSTALLATION OFFERTE
DU 12 AU 28 AVRIL

15 JOURS**
OFFERTS
SUR TOUT CANAL+
POUR TOUT REABONNEMENT
DU 29 MARS AU 28 AVRIL

GCL 814/3-3

Telma

MIRESAKA FOANA ISAN'ANDRO, ISAN'ORA!

M'Ora 500^{AR}

• 25 SMS
• 25 Mo #322*20#

GCL 800/24-21



Tsiaky an'i Dany be

Sary pika 168 haranty etsy amin'ny Hakanto Contemporary



Noraketin'i Dany Be an-tsoratra sy an-tsary ny korontana ara-politika, ara-tsosialy, ara-panatanjahantena ary ny kolontsaina, teto amintsika nanomboka tamin'ny 1959.

"Dany Be, Wahat a wonderful world" adika malalaka amin'ny teny malagasy hoe "Dany Be Tontolo tena mahafinaritra" no lohahevitra entina manamarika ny fampiran-tiana ny sangan'asan'i Dany be teo amin'ny tontolon'ny sary pika. Natao indrindra izany hahatsiarovana sy hanomezam-boninahitra azy. An'arivony ny sary pika nalain'i Dany Be nandritra ny androm-piainana kanefa dia ny 168 amin'ireo ihany no haranty ho hitan'ny olona etsy amin'ny Hakanto Contemporary, Alhambra Gallery, Ankadimbahoaka manomboka amin'ny 4 may izao. Amin'ny ankapobeny dia maitsy sy fotsy daholo ny sary navoakan'i Dany Be. Anisan'ireo mpanao gazety sady mpaka sary

malaza indrindra eto amin'ny firenena i Daniel Rakoto-seheno, fantatra amin'ny anarana hoe Dany Be. Noraketiny an-tsoratra sy an-tsary ny korontana politika, sosialy, ara-panatanjahantena ary ny kolontsaina, teto amintsika nanomboka tamin'ny 1959. Maro tamin'ireo sanganasany no efa nitety an'izao tontolo izao ary nivoaka tao anatin'ireo gazety malaza any ivelany ireny. Azo ambara fa nifanojo tamin'ny fahaleo-vantenan'ny firenena ny fisehon'ny sanganasan'i Dany Be ary efa ho 60 taona mahery izao. Ny zanany, Samuel Ramaholimihaso moa no tompo-marika tamin'izao famoahana ny sanagasan'i Dany Be izao. Ny sangan'asan'i Louis Armstrong, hira izay

ankafihizin'i Dany Be fony fahavelony, no antony niagan'ny aingam-panahy ka nisafidianana ny lohahevitra hoe "Wahat a wonderful world" (Tontolo tena mahafinaritra). Raha tsihivina dia nodimandry ny taona 2021 teo amin'ny faha-88 taonany i Dany Be. Tsaroana eto ny teniny hoe « niaraka tamin'i Monja Jaona tany Atsimo aho nandritra ny hetsibahoaka tamin'ny taona ny 01 avrily 1971, olona 3 000 no namoy ny ainy tamin'izany noho ny tsy fankasitranan'ny Antandroy ny fitondran'i Philbert Tsiranana, izay mbola baikon'ny Frantsay». Ity andalan-tsoratra ity dia navoakan'i Jeannot Ramambazafy nandritra ny fankalazana ny faha-81 taonan'i Dany Be.

Tiaray R

Saka, Tax Jen, Room

Manolotra hetsika "big open Mic" eny amin'ny Mozika Lodge



Izy telo hanafana ny sehatra.

Ho tanterahina rahampitso eny amin'ny Mozika Lodge Nanisana ilay hetsika iray antsoina hoe: "Big open Mic". Olona matihanina telo eo amin'ny sehatry ny mozika, ahitana an'i Hoby Naivoarivelo na i Saka, i Tahina Raphehison na i Tax Jen, ary i Omega Rabeson na i Raom no hanolotra azy ity amin'io fotoana io. Hanomboka amin'ny dimy ora hariva izany. Araka ny anarana itondrana ity hetsika ity moa, dia miso-

katra ho an'ny rehetra izay tia mihira ny sehatra ary harahina mpitendry matihanina izany. Hisy fifaninanana mihira koa hatao isaky ny latabatra ka izay maharesy dia hahazo loka. Araka ny fanazavana azo, dia ilay hetsika "afon-dasin' Andohalo" no haverina amin'ity hetsika ity. Ny anarana no novaina fa ny zavatra hita ao dia mitovy mihitsy. Mbola "pré ouverture" moa ity amin'ny sabotsy ity fa amin'ny 10 mey izao

kosa vao tena hisokatra amin'ny fomba ofisialy izany. Hihitatra koa ny zavatra ho hita amin'io fanokafana ofisialy io izay mety ahitana filasiana kely mihitsy. Afaka hanaovana izany rahateo ny eny Mozika Lodge Nanisana satria manginina sady somary anaty ala izy io ka ho an'ireo izay mankafy natiora koa dia mety aminy tsara ity toerana ity. Marihana moa fa maimaimpoana ny vidim-pidirana.

Tanya

Farakely

Hanolotra hira tsy latsaky ny 35 etsy Antanimena

Efa eo am-panaovana ny famerenana faramparany ireo hira ataony mandritra ny fampisehoana etsy amin'ny CC Esca Antanimena, ny alahady izao, i Farakely sy ny ekipany. Hira tsy latsaky ny 35 vaovao sy taloha mantsy no hatolony ny mpankafy amin'io fotoana io. Tafiditra ao anatin'ny fanadaharan-kira ataony ireo hirany manokana, toy ilay hira hoe "Fitia Mangina", "Tafaray isika roa", "Ry Aiko", izay nivoaka tamin'ny 2017, fa eo ihany koa ireo hira niarahany tamin'ny mpanakanto hafa. Araka ny fanazavana dia nanasa mpanakanto anisan'ny malaza sy fantatry ny maro amin'ny kanto i Farakely amin'io alahady io. Ny azo antoka aloha dia ho avy ao i Laza, fa ny ankoatra izay dia amin'io fotoanan'ny fampisehoana io vao haseho ny mpijery izay tonga. "Mpanakanto maro tsy ampozin'ny rehetra no ho avy ao ary hisy ny zavatra tsy hampozina hiarahana amin'izy ireo amin'io fampisehoana io", hoy izy. Hatramin'izay fotoana niakaran'i Farakely sehatra izay aloha dia tsapa tokoa fa mbola tsy nandiso fanantenana ny mpankafy sy ny



Hatramin'izay fotoana niakaran'i Farakely sehatra izay mbola tsy nandiso fanantenana ny mpankafy i Farakely.

mpijery izy fa tanterahany avokoa izay efa nolazainy rehetra. Hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ny fampisehoana. Mivoha mialoha anefa ny varavarana mba hanomezana fahafaham-po ny rehetra. Ankoatra izay dia misy ihany koa toerana voatokana sy ny VIP ka ho an'ireo izay mbola tsy nahazo tapakila fa te hanao famandrihan-toerana dia afaka manjifa izany amin'ny alalan'ny Ticket place izy. Ahitana koa eny amin'ny Super Music Analakely sy eny amin'ny tranom-barotra Mass'In rehetra, toy ny etsy

amin'ny La city Ivandry, Akoor Digue, Smart Tanjombato, Isoraka, Mass'In Music ao amin'ny faritry ny Jumbo Score Ankorondrano ary amin'ny andron'ny fampisehoana.. Marihana fa nisy ny fifaninanana nataon'i Aloalo Events mikarakara ity fampisehoana ity any anaty pejy FB any ka ny Asabotsy hariva amin'ny 4 ora no atao ny fisarihana ary eny amin'ny Cc Esca ny andron'ny fampisehoana no handrais-ireo tsara vintana ny loka.

Tiaray R

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTRE DE L'EDUCATION NATIONALE
PERSONNE RESPONSABLE DES MARCHES PUBLICS VAKINANAKARATRA

Avis d'Appel d'Offres Ouvert
N° 02/2024-AOO/MEN/PRMP VAK

- Cet Avis spécifique d'Appel d'Offres Ouvert fait suite à l'Avis Général de Passation des Marchés du 27/03/2024 publié dans TARATRA en date du 11/04/2024, ainsi qu'au journal des marchés publics.
- Le MINISTRE DE L'EDUCATION NATIONALE sollicite de la part des candidats intéressés des offres sous plis fermés pour " Fourniture et livraison de fournitures et articles de bureau: agrafes et autres(marché à commande) " constituant un lot unique et indivisible.
- La procédure de passation de marché applicable est l'Appel d'Offres Ouvert tel qu'il est défini dans la loi N° 2016 - 055 du 25 Janvier 2017 portant Code des Marchés publics, notamment en ses articles 30, 35 et 63 en vue de la passation de marché à prix unitaire.
- Le Dossier d'Appel d'Offres complet, rédigé en langue française, peut être consulté par tout candidat désirant prendre connaissance ou obtenir des informations à l'adresse ci-après :
- Nom du Responsable : NAINARISON Blaise
- Fonction : Personne Responsable des Marchés Publics
- Adresse : Bâtiment DREN Vakinankaratra Antsirabe
- Pour le candidat désirant soumissionner, le Dossier d'Appel d'Offres doit être acheté sur demande écrite adressée à la Personne Responsable des Marchés Publics et moyennant le paiement d'un montant non remboursable de :
- Lot 1 : cent mille Ariary (Ar100 000.00) libellé au nom de l'Agent Comptable de l'Autorité de Régulation des Marchés Publics (ou, au nom du Régisseur de recette de la Commission Région des marchés).

Le paiement devra être effectué :
- Soit en espèces
- Soit par Chèque Bancaire.

- Les plis devront parvenir à Monsieur NAINARISON Blaise, PERSONNE RESPONSABLE DES MARCHES PUBLICS, bureau DREN Vakinankaratra, Porte n°3, Rez-de Chaussé au plus tard le 22/05/2024 à 09 H 00 Min et seront ouverts immédiatement après l'heure limite de remise des offres en présence des candidats ou leurs représentants qui souhaitent y assister. Les offres hors délai ne seront pas recevables.
- La soumission des offres par voie électronique ne sera pas autorisée.
- Chaque offre doit être accompagnée d'une garantie de soumission d'un montant de :
- Lot 1 : un millions deux cent mille Ariary (Ar1 200 000.00)

Elle doit être présentée sous l'une des formes suivantes :
- Soit par Caution Personnelle et Solidaire d'un organisme agréé par le Ministère des Finances
- Soit par Garantie Bancaire
- Soit par Chèque de Banque libellé au nom du Madame le TRESORIER GENERAL D' ANTIRABE et versé au trésor public.

Le 22/04/2024

PERSONNE RESPONSABLE DES MARCHES PUBLICS
NAINARISON Blaise

22/04/2024

GCL 820/1-1

Izy no izy

Randy Donny

"Ny fahalalana no soatoavina fa tsy ny vola"

Randy Donny. Mpanao gazety, mpampianatra, mpanoratra, mpahay tantara, mpikambana teo anivon'ny Filankevitra Ambony momba ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalana. Niotsaka kandida ho solombavambahoaka eny amin'ny boriborintany voalohany, laharana voalohany. Randrianomearisoa Dieudonné no tena anarany, aminy : " ny fahalalana no soatoavina fa tsy ny vola ". Izy no hampahafantarina eto amin'ny Gazetiko anio :

Niondana boky sy gazety

Hatramin'ny fahazazany, voataiza tamin'ny boky sy gazety Randy Donny. Mpampianatra ny ray aman-dreniny, ka nobeaziny ho tia boky sy gazety izy ireo tao an-tokan-tranony. Mividy karazam-boky sy gazety ny rainy, manomboka amin'ny boky misy tantara any ampianganana ireny (indrindra ny « Sakaizan'ny Tanora » sy ny « SekolyAlahady »), mandalo amin'ny boky ampiasaina any ampianarana, ka hatramin'ny boky fialamboly toa ireny « bandes dessinées » ireny dia feno tao an-tranon'izy ireo. Toraka izany ihany koa ny gazety, ka izay gazety mivoaka rehetra eto an-drenivohitra, vidian'ny rainy hatrany isan'andro. Vokany, lasa nankafy ary niondana boky sy gazety Randy Donny sy ireo iray tampo aminy (izy no faralahy tamin'izy ireo). Koa tsy mahagaga raha taty aoriana, tsy nifanalavitra tamin'ireo tontolo namolavola sy nanefa ary nanabe azy : fampianarana, boky, gazety ny asa nosahaniny sy ny talentany. Mbola mpianatra kilasy T11 izy dia efa nandefa lahatsoratra tao amin'ny « Midi Madagasikara ».

Taty aoriana rehefa vita ny fianarany tao amin'ny sekoly ambony ENIII, dia nampianatra taranja tantara izy aloha. Rehefa izany vao niditra nanatevin-daharana ny mpanao gazety tao amin'ny « L'Express de Madagascar ».

Fampianarana sy asa soratra

Nifanindran-dalana ary manjohy hatrany teny amin'ny tontolo androm-piainan-dRandy ny asa soratra sy ny fampianarana. Fony mbola mpianatra izy dia nanoratra tononkalo maromaro ary navoakany ho boky « Fonoka sy kalo » izany taty aoriana. Rehefa lasa mpanao gazety indray izy dia nifanjohy tamin'ny asa soratra an-gazety ny



famoahana boky : mikasika ny tarika Mahaleo sy Jaojoby tany amin'ny Olympia. Tao ihany koa ny boky mandoko ny fahitany ny fizotran'ny raharaham-pirenena ka mahatonga antsika tsy mandroso, izay anomezany lesona amin'ny alalan'ny « Teorian'ny tandrimo ».

Nampita fahalalana tamin'ireo mpianatra mikasika ny asa fanaovan-gazety sy ny serasera tany amin'ny sekoly ambony Essva Antsirabe ihany koa izy (Lehiben'ny departemanta). Maro tamin'ireo mpianany no efa mitana andraikitra ambony momba ny serasera sy ny haino aman-jery amin'izao fotoana izao.

Nahazo fiofanana

Azo lazaina fa nanampy azy hanokatra ny masony hahay hijery sy hampita fahalalana ary haneho hevitra ny fiofanana maro narahiny. Anisan'ny goavana tamin'izany ny

nandratoany fahalalana momba ny asa fanaovan-gazety tany Eoropa (2000-2001). Nahafahany nanao fanadihadiana tamin'ny Firenena maro tao Eoropa sy nitetezany faritra maro izany. Nahafahany nifandray tamin'ny mpanao gazety avy amin'ny firenena maro koa ny fiofanana nataony tamin'izany.

Taty aoriana dia lasa mpikambana tao amin'ny Filankevitra ambony miaro ny demokrasia sy ny fanjakana tan-dalana (HCDDDED, 2018-2023) izy. Nahafahany nifanerasera tamin'ny vondron'olona maro sy ireo masoivoho, manampahafana isan-tokony ary indrindra nahafahany nanao fanadihadiana mikasika ny olana mianjady any anivon'ny fiarahamonina any ka namoahany gazety boky isaky ny telo volana « Demokrasia ».

Tia mizara

Olona mijoro amin'ny heviny ary mitana ny teny nomeny Randy Donny. Izy no toetra mampiavaka azy, ary voaporofy izany nandritra ny fandaharana B-Louh niandriaketany tao amin'ny RTA ho an'ireo nanaraka izany. Fandaharana izay mbola ahalalan'ny maro azy hatramin'izao ary mbola tsaroan'ny mpanaradia azy ihany koa. Tia mampita hevitra, mampita sy mizara fahalalana ho an'ny rehetra izy. Ireo mpianany sy nifanerasera taminy mahafantatra izay avokoa. Aminy dia tokana ny soatoavina dia ny fahalalana, na aiza na aiza andrantovana azy. Tsy soatoavina velively kosa ny vola na ny sakafo satria rehefa manana fahalalana ianao dia tsy ory an'ireo.

Tia manitsy ary tsy mihatsaravelatsihy Randy Donny. Somary mivantambatana aza indraindray ka misy sahirana ihany indraindray noho izany.

Nangonin'i Fy

Poopy - 40 taona

Seho roa sosona amin'ny endrika samihafa



Efa tonga eto an-tanindrazana i Njila hampiarapeo amin'i Poopy.



Mitohy hatrany ny fankalazana ny faha-40 taona nihiran'i Poopy. Fampisehoana roa sosona no hotanterahiny ny herinandro fiandohan'ny volana may io. Ny voalohany, Poopy sy Njila ny alarobia 1 mey 2024 ; ny faharoa ny alahady 5 may 2024 samy ao amin'ny efitrano malalaky ny CCEsca Antanimena avokoa. Samy hanomboka amin'ny 3 ora folakandro avokoa ireo seho ireo. Rehefa samy hafa ny mpampiarapeo dia hisy fahasamihafany ihany koa ny seho atolotra mazava ho azy. Izany hoe mitovy fa tsy sahala araka ny fomba fiteny mahazatra izay. Toy izao ny

fanazavany ny fandaharam-potoanany mandritra ireo seho roa ireo : hisy fizarana roa ny fampisehoana ny alarobia, ka ny tapany voalohany hiarahan'izy sy Njila mivazo ; fa ny fizarana faharoa kosa, i Poopy sy ireo hira niantombohany nandeha irery. Ny alahady 5 may kosa, hisy fizarana roa ihany koa ka ny tapany voalohany hiray sehatra izy sy Rija Ramanantoanina, fa amin'ny fizarana farany « Izaho Poopy sy ianareo miara-mihira », hoy izy. Ny Live Prod, izay nikarakara ny fiakarana an-tsehatr'i Bodo sy Poopy farany teo, tao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina

Mahamasina ihany no tompomarika amin'ity hetsika roa sosona etsy amin'ny CCEsca Antanimena ny 1 sy 5 may ity. Nandray ny tsikeran'ny mpankafy kosa izy, ary nilaza fa « Efa henonay daholo ny zavatra nambaranareo amin'ny zavatra rehetra tokony hohatsarina », hoy izy. Hisy rindran-tsary roa vaovao hivoaka ato ho ato hampahafantarana ireo hetsika ireo. Raha tsiahivina, tamin'ny 6 aogositra 2023 no nanomboka ny fankalazan'i Poopy ny 40 taona niakarany sehatra.

Fy

PETITES ANNONCES Gazetiko

MIVIDY

* Lamba, fanaka, kiraro, vy, TV, kojandakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 802/15-13)

A VENDRE

* Tsenabe Isotry, trano 2 étages, 16 ch, e&e, 1er plan, t&b, qc : 5 Md. Ar. à d. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 805/10-8)

FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-3)

COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 808/4-3)

* Cours de massage 3 jours assuré par des professionnels. Tél

: 034.39.292.03. (G-BA 809/10-3)

MITADY ASA

* Rtoa Mitady asa kilasy mody : mamafa birao, mitaiza zaza. Tél : 034.44.520.92. (G-BA 811/1-1)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard... Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 803/20-13)

Soamahamania

Kamiao nivarina tany anaty hantsana, mpianaka niara-maty

Tao anatin'ny roa andro dia lozam-pifamoivoizana roa samihafa samy namoizana ain'olona no nitranga tao Soamahamania, distrikan'i Miarinarivo, amin'ny lalam-pirenena voalohany iny. Omaly tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany maraina, kamiao mpanangom-bokatra iray hihazo an'i Tsiroano-mandidy no nivadika tao Moratsiazio, fokontany Antsahalava, kaominina Soamahamania. Olona roa mpianaka no niara-namoy ny ainy vokatr'izany ary naratra ny mpamily. Araka ny fanazavàna azo dia vao niainga tao Arivonimamo ny hariva ilay kamiao io no efa

nanana olona tamin'ny jiro ka voatery nijanona nanamboatra izany aloha. Rehefa vita ilay jiro dia nanapakevitra ry zareo fa hiainga vao maraim-be. Tokony ho tamin'ny 02 ora maraina izy ireo no niala tao Arivonimamo. Nony tonga tao Antsahalava-Soamahamania io anefa rehefa avy niaka-piakarana nisy fiholanana dia nanitsaka lavaka tampoka ny fiara ary maty niaraka tamin'izay ny jiro. Tsy voatanan'ny mpamily intsony ny familiana fa tafala ny lalana ary lasa tany anaty hantsana lalina efa ho 100 metatra mahery sady nivadibadika.

Ankizy iray koa
Maty tsy trà-drano vokatr'izany ilay lehilahy iray tokony ho dimy amby telopolo taona eo ary naratra kosa ilay rangahy rainy tokony ho dimampolo taona mahery niaraka tamin'ny mpamily. Novonjena nentina hain-gana tany amin'ny hopitalin'i Miarinarivo ireo saingy raha ny vaovao voaray dia tsy tana ihany koa ny ain'ilay rangahy. Araka izany dia samy namoy ny ainy avokoa izy mianaka. Mbola manaraka fitsaboana kosa ilay mpamily noho ny ratra nahazo azy. Fa ankoatra io dia ankizy iray ihany koa no namoy ny ainy voafaokan'

ny fiara tao Soamahamania ny alarobia lasa teo. Maty tsy trà-drano ihany koa ilay ankizy noho ny ratra mafy nahazo azy. Efa samy eo am-pelatanan'ny mpi-tandro filaminana avokoa moa ny mahakasika ireo tranga ireo ka mandeha ny fanadihadiana. Na izany aza dia mila mitandrina foana hatrany ny mpamily hisorohana ny loza toy izao. Azo lazaina ho anisan'ny lalana mbola tsara raha iny lalam-pirenena voalohany iny kanefa feno fiholanana ka tena ilàna fitandremana.

R.C

Anjozorobe

Mbola tsy navotsotry ny dahalo ireo olona 3 nalainy an-keriny

Raha tsiahivina dia nitrangan'ny fakana an-keriny olona tao amin'ny fokontany Fieferana, akaikin'Antanandava, ny andron'ny talata 16 aprily. Herinandro sy tapany aty aoriana dia mbola tsy nisy avotra ireo olona telo nalain'ireo dahalo ireo. Araka ny angom-baovao dia efa misy ny fangatahana onitra ho takalon'ny ain'ireo lasibatra. Mbola tsy voafaritra anefa izay tena teti-

bidin'izany. Ny fianakaviana rahateo tsy milaza any amin'ny mpitandro ny filaminana noho ny tahotra. Saro-pady ihany koa ny mety filazambaovao mba ho fiarovana ny ain'ireo natao takalon'aina. Na izany aza, mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Misy ihany koa ny olona efa nosamborina, ahiahiana ho tafiditra amin'ity raharaha ity. Miara-misalahy manao ny fikarohana ihany koa ny

zandary, tafika sy ny polisy any an-toerana, amin'izao. Tsara ny manamarika fa am-polony ireo no niakatra tao an-tanàna nandray anjara tamin'ity asa ratsy ity. Nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika izy ireo tamin'izany sady nanapoaka basy, nentina nandrahonana ireo mponina. Trano maromaro no nidiran'izy ireto. Izany hoe sady nandroba ry zareo no naka olona nataony

takalon'aina. "Tsy hitzampotsiny ny tomponandraitry ny filaminana. Mbola mitohy ny famotorana fa ny angatahanay fanjakana dia ny loharanom-baovao ary aza afenina ireo olon-dratsy ireo", hoy ny mpitandro filaminana ao Anjozorobe, izay misahanany raharaha.

Deyland

Andranomanalina

Ramatoa norobain'ny telo lahy nitondra antsy

Ramatoa iray no niaran'ny fandrohana ny talata lasa teo teny Andranomanalina ka lasa tamin'izany ny vola mitentina roa alina sy iray hetsy ariary tany aminy, sy finday, ary peratra sy ny karapanondrony. Teny andalana ity vehivavy ity no narahin'ireo telo lahy mpanendaka nitondra antsy. Noho ny hery tsy mitovy dia tsy afaka nanohitra ravehivavy ary voafehin'ireo olon-dratsy tanteraka ka nahazoan-dry zalahy izay zavatra tian'izy ireo nalaina tany aminy. Nandeha nanatona ny biraon'ny polisy ilay ramatoa lasibatra taorian'izay ary nametraka fitoriana. Nandeha avy hatrany ny



fanadihadiana sy fikarohana ny olon-dratsy. Nandritra ny fisafoana nataon'ireo polisy afakomaly dia nisy lehilahy iray voasambotr'izy ireo. Rehefa nataon'ireo mpitandro filaminana famotorana izy dia fantatra fa efa mpamerin-keloka amin'ny

resaka halatra miharo herisetra izy. Dia tamin'ny alalan'izany ihany koa no nahafantarana fa anisan'ny nanendaka ilay ramatoa teny Andranomanalina ity lehilahy ity. Nokarohina ireo roa lahy namany niaraka nanendaka taminy ka tra-

tehaka teny Ampefiloha. Ireto roa lahy voasambotra farany ireto indray dia voalaza fa efa voasambotra nandritra ny "hetsika sarika" andiany voalohany. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha any amin'ny fampanoavana. T.H

Antanifotsy

Mpangarom-paosy tratran'ny olona, matin'ny fitsaràm-bahoaka

Olona maromaro mihitsy no voalaza fa lasibatra ny mpanendaka sy ny mpangarom-paosy tao an-tsenan'ny kaominina Ambatotsipihina, distrikan'Antanifotsy, ny alatsinainy lasa teo. Samy nimenomenona avokoa ireo lasibatra ka teo no nifanaraka ireo olona fa hosamborina ireo mpanendaka ireo. Raha ny fanazavàna hatrany mantsy dia efa-dahy ry zalahy no miaraka manao ny asa ratsiny ary nisy nahatsikaritra. Efa nisy nahafantatra mihitsy ny sasany tamin'izy ireo. Raikitra avy hatrany ny sakoroka tao antsenana tamin'ny fisamborana ireto mpanendaka ireto. Nifanenjan'ny olona eran'ny tsena ireo saingy iray ihany no tratra fa tafaporitsaka kosa ireo telo lahy namany. Araka izany dia io iray io no nanamparan'ny olona ny hatezerany ka nanaovany fitsaràm-bahoaka. Naratra mafy vokatry ny daroka nahazo azy ilay mpanendaka tratra io ka niafara tamin'ny famoizany ny ainy mihitsy.

Tsy mifidy

Efa nampandrenesina ny mahakasika io tranga io moa ny mpitandro filaminana, izay efa mandray an-tànana ny raharaha amin'izao. Araka izany dia mbola mitohy ny fikarohana ireo mpanendaka tafatsoaka ary mandeha ihany koa ny fanadihadiana. Voalaza fa tsy mifidy olona sy zavatra horobaina ireto mpanendaka ireo fa alainy avokoa na vola na finday na firavaka lafo vidy. Izany indrindra no naharomotra ny olona ka nahatonga izao fitsaràm-bahoaka izao. Mbola mampahatsiahy foana anefa ny mpitandro filaminana fa voararan'ny lalàna ny fanaovana fitsaràm-bahoaka.

R.C

Masindray

Tovolahy trà-tehaka niaraka tamin'ny bisikileta halatra



Ilay mpangalatra tratra !

Bisikiletan'olona nikarakara taratasy tao amin'ny kaominina Masindray no nisy nangalatra ny alarobia lasa teo. Tsikaritr'ilay tompony tsara anefa ny nakàn'ilay tovolahy izany ka nivoaka ny birao avy hatrany izy niantso vonjy sy nampandre ny zandary. Nitsoka niaraka tamin'ny bisikileta anefa ilay tovolahy ka nenjehin'ny zandary tamin'ny môto. Nihazo ny lalana mankany Antaramanana, kaominina Masindray, ny lalan'ilay tovolahy. Tsy lasa lavitra akory izy dia tratran'ny zandary satria môto no nanenjika azy avy ato aoriana. Notanana natao famotorana avy hatrany izy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa avy any Ibaka, kaominina Alarobia- Ambatomanga ity tovolahy ity no tonga mangalatra eny amin'ny kaominina Masindray. Taorian'ny fanadihadiana nataon'ny zandary moa dia efa naverina amin'ny tompony ilay bisikileta.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Toamasina

Novonoina ilay lehilahy, notsindriana vato ny fatiny

Lehilahy iray sahabo ho 35 taona no hita faty nisy namono tao amin'ny toerana antsoina hoe Marovato Ambalatenina, fokontany Tanandava, kaominina Toamasina Ambanivohitra, distrikan'i Toamasina faharoa, afak'omaly. Novonoina io olona io, avy eo natsipy tany anaty kirihatra ala horefo ny vatana mangatsiaka. Tsy vitan'izany fa mbola nahitana ratra ny tenany ary notsindrian'ireo tsy matahotody tamin'ny vato ny lohan' ilay razana. Olona sendra

nandalo no nahita ny vatana mangatsiakan'io olona io. Nampandrenesina ny fokonolona ary ireo indray no niantso ny mpitandro filaminana. Rehefa nozahana dia tsy fantatra izay momba momba ilay namoy ny ainy sy izay mety ho nahavanona ilay asa ratsy. "Nihohoka tao anaty rano no nahita azy. Raha ny filazan'ny dokotera dia novonoin'olona izy io ary efa ho dimy andro no nahafaty azy, satria efa mihasimba ny razana. Mbola tsy fantatra ny fianakaviany ary



Voalaza fa nisy namono.

na ny manodidina sy ny nanatri-maso teo aza dia tsy misy mahalala azy", hoy ny fanazavana voaray. Nisy moa ny taratasy fahazoan-dalana avy amin'ny mpitsabo, nahafahan'ny fokonolona nandevina avy hatrany ny razana noho ny fahasimbany. Izany hoe tsy nentina any amin'ny tranom-paty intsony fa nasitrika tao amin'ny fasam-pokonolona. Misokatra ny fanadihadiana ny raharaha izay sahanin'ny zandary zanatobim-parita ao Tanandava. **Deyland**

DREN Bongolava

Voasazy 2 taona an-tranomaizina, mandoa onitra amin'ireo mpampianatra

Nivoaka ny didim-pitsarana manameloka ny Talem-paritry ny Fanabeazana, na ny "Dren" Bongolava, izay voarohirohy sy voasarin-gotra tamin'ny raharaha fitakiana vola tamin'ireo mpampianatra "Fram" tao Tsiroanomandidy ho tambin'ny fandraisana azy ireo ho mpiasam-panjakana. Voasazy an-tranomaizina mandritra ny 2 taona izy sy fandoavana onitra 4 tapitrisa ariary isanisany amin'ireo mpampianatra nitony azy. Nisy mihitsy ny didy fampisamborana teo no ho eo mikasika azy. Raha ny filazan'ireto mpampianatra nitafa tamin'ny mpanao gazety tao Tsiroanomand-

didy, omaly, dia voalaza fa tsy misy ny fampiharana io didy io hatramin'izao. Ary ity tsy fampiharana didy ity mihitsy no vao mainka mampirehareha an'Ingahy "Dren", hoy izy ireo. Anaran'olona ambony telo no ianteran'ity farany. Anisan'izany ny lehiben'ny antoko politika iray, sy depiote iray tao an-toerana ary ny anaran'ny Minisitry teo aloha. Mitaraina araka izany ireo mpampianatra nilaza sy efa nitony fa voasolokin'ity Dren ao Bongolava ity ka miantso ny fanjakana mba handray ny andraikitra. Tsara homarihina fa maro ny mpampianatra efa nofitahiny, hoy hatrany ny

fanambaran'ireo lasibara. Noho io no anton'ny fitoriana ka izao nivoaka izao ny didy tao amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany, ary taorian'izay dia niakatra tao amin'ny "Cour d'appel" ka ny tao indray no namoaka didy.

Fakàna vola

Manao antso avo amin'ny filohampirenena araka izany ireto mpampianatra voasoloky ao Bongolava ireto, fa tena mandoto ny anaran'ny filoha sy ny fitondrana io fireharehan'ny « Dren » ao an-toerana io. Mangataka ireo olona ireo mba hampiharana ny sazy amin'Ingahy « Dren » io sy hamerenana ny volan'izy

ireo. Tsihivina fa resaka fakàna vola tsy ara-drarin'ny sy am-pitaka tamin'ireo mpampianatra no nitorian'ireo an'ity talem-paritry ny fanabeazam-pirenena ao Bongolava ity. Notsipihan'ireo mpampianatra fa nilaza ny "Dren" fa horaisina ho mpiasam-panjakana raikitra izay mpampianatra manefa ny vola. Tsy anisan'ireo tafiditra sy voaray ho mpiasam-panjakana akory anefa ireo mpampianatra am-polony nahazoany vola, ka rehefa nanontany ny momba azy ireo dia nariraran'Ingahy "Dren" sy ny ekipany hatrany ary izao niafara tamin'ny fitoriana izao. **Deyland**



Ilay DREN nahazo sazy mihatra.

Amparafaravola

Tovolahy iray tratra nanolana ankizivavikely

Tovolahy iray no tratra nanolana ankizivavikely iray 15 taona tany amin'ny fokontany Ambatolampy Sodeca, kaominina Ambohitantany, any amin'ny distrikan'Amparafaravola afak'omaly. Zaodahin'ny renin'ilay ankizivavy ihany ity nanao fihetsika mamoady taminy ity. Araka ny fanazavana dia mifanakaiky trano izy ireo ary efa hadalalain'ity lehilahy ity foana ilay ankizivavy. Matory miaraka amin'ny zandriny vavy ity lehilahy ity ary alain-dralehilahy ao

amin'ny alina dia nentina nankany an-tranony ary dia aolany any. Araka ny fanampim-panazavana hatrany dia isaky ny alina no hanamparan-dralehilahy ity filandrantsiny ity amin'io ankizivavy io nanomboka ny volana janoary lasa teo. Fantatra fa rahonany ho faty sy hovonoina ilay niharamboina raha mitady handà ny sitrapony.

Tsy nahita

Indray alina àry dia nitomany be ny zandriny'ilay ankizivavy rehefa tsy nahita

azy teo am-pandriana satria toy ny mahazatra dia alain'ilay lehilahy ao ilay ankizivavy amin'ny alina dia entiny mankany aminy hanaovana firaisana aranofo. Tokony ho tamin'ny 1 ora maraina no naterin'ilay lehilahy tany an-tranony izy ary tamin'io fotoana io ihany koa no nahafantaran'ny fianakaviany ny zava-niseho. Dia nandeha nitondra ny raharaha tany amin'ny mpitandro filaminana izy ireo, nametraka fitoriana. Nanomboka teo ny famotorana.

Nentina nankany amin'ny dokotera nanaovana fiza-ham-pahasalamana ilay ankizivavy ka fantatra fa voalana tokoa izy. Nosamborina ilay lehilahy voarohirohy taorian'izay ka nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana, natao famotorana sy notanana tany. Taorian'ny fakana am-bavany teo anivon'ny polisy dia natolotra ny fampanoavana tany amin'ny fitsarana omaly ny raharaha.

T.H



Ilay lehilahy voasambotra.

Ivato

Ankizivavy 12 taona naolan'ny vadin'ny zokiny

Ankizivavikely tokony ho 12 taona no nisy nanolana tany amin'ny faritr'Ivato ary fantatra fa ny vadin'ny zokiny ihany no voarohirohy ho nahavita izao heloka bevava izao. Araka ny fanazavana dia ilay lehilahy sy ity ankizy ity irery no tao an-tranony tamin'io fotoana io ka nitsiry ny hevi-dratsin-dralehilahy.

Iny teo am-pandaminana trano iny mantsy rakalakely no avy dia notolominy ka naolany tany amin'ny fitombenany. Narary mafy ilay ankizy tamin'io saingy noraran-dralehilahy fa tsy hitantara ny zava-niseho any amin'olona ka natahotra izy ary tsy niteny tokoa ary tsy nisy nahafantatra ity

tranga fanolanana ity araka izany tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana dia ny volana desambra lasa teo rehefa narary tao amin'ny fivaviany sy ny fitombenany ilay ankizivavy dia tany amin'ny mpampianatra no nitaraina ka nampanantsoina ny reniny tamin'izany ary nitondra azy notsaboina.

Nisy fery

Fantatra mantsy fa nisy fery narary azy ka tsy nahafahany nianatra, hoy hatrany ny fanazavana. Sitrana izy ny volana janoary lasa teo ary nandeha niverina nianatra. Kanefa ny 8 aprily lasa teo indray dia niverina narary tany am-pianarany indray ilay ankizivavy ka

nentin'ny mpampianatra tany amin'ny toeram-pitsaboana CSBII Mangarano dia ny tao no nandefa azy nankany amin'ny mpitandro filaminana. Ny alatsinainy lasa teo no nametraka fitoriana tany amin'ny zandary ny renin'ity zazavavy ity ka nandeha avy hatrany ny famotorana sy fisamborana

ilay lehilahy nahavanondoza. Nentina natao famotorana sy notanana tao amin'ny zandary ity lehilahy ity mialoha ny hitondrana ny raharaha any amin'ny fampanoavana.

T.H

Tsy fanarahan-dalàna - Fanaparam-pahefana

Mijoro ny mpahay lalàna ary mikasa hanova

zavatra

Mahatsapa ireo mpahay lalàna ireo fa ankoatra ny fanaparam-pahefana avy amin'ny ankamaroan'ny tompon'andraikitra isan-tokony dia miseho lany ihany koa ankehitriny ny tsindry samihafa atao amin'ny mpitsara.

Mitohy ny atrikasa efa natomboka teny Besarety, andiniana ny fomba hanavotana ny firenena, izay itovizana ireo olobe eto amin'ny firenena nandray anjara hevitra fa marary i Madagasikara ka tokony hositranina. Tsihivina fa ny filohan-panjakana teo aloha, Rivo Rakotovo, ny praiminisitra teo aloha Rabemananjara ; ny manampahaizana manokana momba ny lalàna izay niasa nandritra ny fotoana lava tamin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny profesora Ranjeva Raymond; ny minisitry ny



foloalindahy teo aloha, ny jeneraly misotro ronono Ramakavelo Désiré izay notronin'ny avara-pianarana maro, araka ny fahaizany sy ny traikefany avy no nandray anjara tamin'ny fikaoan-doha. Araka ny efa nomarihina tetsy ambony dia mahatsiaro izy ireo fa marary ny firenena ka hijoro ary mikasa ny hanova zavatra. Anisan'ny noresahina tamin'io fotoana io fa miharihary loatra eto amintsika ny fanjakana tsy tan-dalàna;

miseho lany ny tsindry samihafa atao amin'ny mpitsara ; ny fanaparam-pahefana avy amin'ny ankamaroan'ny tompon'andraikitra isan-tokony ; ampiasaina animbazimbana ny zon'olombelona ny lalàna ; mahazo vahana ny fampiasan-kery...Notsiahivin'ny profesora Ranjeva fa tsy ara-dalàna ny fanapahankevitra noraisin'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, nanala tsy ho solombavambahoaka ny

filohan'ny Antenimieram-pirenena teo aloha. Nijoro nanakiana ny fanapahankevitra navoakan'ny teny Ambohida ny manampahaizana mikasika ny lalàna na dia efa namoaka fanambarana aza ny filohan'io andrimpanjakana io fa mampigadra ny manakiana ny didy avoakan'izy ireo. Andrasana ato ho ato ny ho tohin'io atrikasa notanterhina teny Besarety io.

V.R.

Marina izany !

Mampiteny ny moana...!

Miseho amin'ny endrika maro ny olana sedrain'ny vahoaka sy ny firenena. Ny sôsialy ohatra dia mampiteny ny moana ny fahasahiranana ny isan-tokantrano. Vokany, mitombo isan'andro ny zaza mireneny, na izy ireny tsy misy mpiahy na irahina mangataka. Mitombo toy izany ihany koa ny zokiolona sy ny manan-kilema mangataka eny amoron-dalana. Ny somary mahatalanjona anefa dia tsy misy aloha hatreto ny fandraisana andraikitra avy amin'ny minisitery tokony hiahy azy ireny. Tsy resahina intsony ny fitombon'ny mpiray tanindrana manao tafo lanitra, noho ny tsy fahafahana mandoa hofan-trano, na noho ny fandravana trano nisesisesy tato anatin'ny volana maromaro izao. Mbola olana goavana mampiteny ny moana ihany koa ny fiparitahan'ny sakafo hafarana avy any ivelany efa lany daty, na simba mihitsy. Izy ireny izay mitera-doza amin'ny fahasalamam-bahoaka, saingy mahavariana fa toa jerem-potsiny. Ny ankamaroan'ny tokantrano malagasy rahateo, tato ho ato tsikaritra ho manao kibo an-tsena ny ankamaroany. Antony, heverina fa tokony handraisana ny minisitery miahy an-tanana ny fanaraha-maso ny kalitao'ny sakafo miditra eo antanindrazana, andaniny. Ary ankilany ny kalitao sy ny fanarahan-dalàna mahaksika ireny entana amidy eny antena na eny amin'ny toeram-pivarotana hafa ireny. Fidinana ifotony izay tokony ho zary fomba fiasa fa tsy isak'izay mahatsiaro na anatsarana ny endriky ny seasera fotsiny, noho ny fiparitahan'ny sakafo lany daty iankinan'ny fahasalamam-bahoaka. Lava ny lisitra, raha ny olana misy eto amintsika no resahina, saingy heverina fa tsy azo dinganina ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, mampitaintaina ny isan-tokantrano, andro aman'alina !

Voahangy Rakotozafy


Kaominina an-drenivohitr'i Fianarantsoa

Manify dia manify ny tetibola, nampiakarina avo roa heny ny saran'ny taratasim-panjakana

Nanaitra ireo manan-draharaha eny amin'ny kaominina an-drenivohitr'i Fianarantsoa ny fanovàna azo lazaina ho somary tampotampoka ihany ny saran'ny taratasim-panjakana ilain'ny mpanifa. Ohatra amin'izany ny fanaovana fanamarinana ny karapanondrom-pirenena izay 1500 ariary tany aloha ary nampiakarina avo roa heny, izany hoe 3000 ariary amin'izao fotoan izao. Toy izany koa ny saran'ny fanaovana kôpia izay 2000 ariary teo aloha ary novaina ho 4000 ariary. Rehefa nanaovana fanadihadiana ny anton'ny fampiakarana dia nahazoam-baovao marim-pototra fa manify dia manify ny tetibolan'ny kaominina. Hany ka tsy maintsy

nitady ny fomba rehetra hanentsenana ny banga. Manoloana izany dia maro ny manan-draharaha no mitaraina ary mametra-panontaniana ny amin'ny hoe : Ny fitantanana ve no tsy mandeha araka ny tokony ho izy sa nisy fandanihana tsy niomanana ? N'inon'inona mety ho antony na ho valin'io fanontaniana io dia mihevitra ny mpanjifa, araka ny fanamarinan' izy ireo, fa tsy tokony ny manan-draharaha eny amin'ny kaominina no hizaka izay mety ho olana avy amin'ny mpitantana. Ankoatra izay, efa manomboka miahiahy ny mpiasa sasantsasany ary mametra-panontaniana sao mety ho tonga amin'ny tsy fahafahan'ny kaominina ao

an-drenivohitr'i Fianarantsoa mandoa ara-potoana ny karaman'ny mpiasa izao olana mitranga izao. Efa miresaka ny kaominina ambonivohitr'i Betsileo ihany dia tsihivina fa olana nanakianan'ny vahoaka ny mpitantana nifandimby tao amin'ny kaominina ny fivarotana tanim-panjakana. Ary taorian'ny fitoriana nape-traky ny voakasik'izany dia efa nisy mihitsy tompon'andraikitra eo anivon'ny kaominina, nantsoina teny amin'ny fitsarana, tamin'ny taon-dasa. Ny somary nanaitra ny rehetra moa, toy ny mateti-pitranga dia tsy nisy tohiny aloha hatreto ny raharaha, izay hatreto aloha dia mbola tsy fantatra marina ny antony. V.R.



Kandida mahaleotena

Mety hampihena ny herijikan'ny antoko nisy azy teo aloha

Fito ihany sisa ireo antoko politika sahy mandeha irery, araka ny lahatsoratra efa nivoaka teto amin'ny "Gazetiko" ny talata 23 aprily teo. Toa lasa miparitaka sy mialokaloka any anaty Vovonana politikan'ny mpanohitra avokoa ireo antoko noheverina ho natanjatanjaka ankoatra ny Tim sy Tgv. Lasa any amin'ny vovonana "Firaisankina" sy sasany, ary misy ireo

lasa kolektivan'ny kandida. Tsy fahatokisan-tena ve sa tena hoe : ny firaisan-kina no hery ? Tsapa izany rehefa mahita ny fikoron-tanana mampihozohozo ireo antoko samihafa. Misy amin'ireo kandida depote, rehefa tsy natolotry ny antoko misy azy, dia nandeha nanao mahaleotena. Mety hampihena ny vaton'ny antoko nisy azy teo aloha izy ireny ka manetry ny

herijika hahalany ny kandida "ofisialy" atolotr'ilay. Ao amin'ny Firaisana fahatelo, Antananarivo renivohitra, izao dia fantatra ny fironan'i artista Bodo amin'ny Tim hatrizay. Ankehitriny anefa izy dia mandeha irery. Torak'izany ry Emilien Ramboasalama ao amin'ny boriboritan'ny faha-IV, ry Alain Ratsimbazafy eny Atsimondrano, izay tsy natolotry ny antokony fahiny intsony

ka dia nanapa-kevitra ny hikopa-kelatra. Misy tranga toa izany koa ny eny Avaradrano sy any amin'ny faritany rehetra any.

Henjana ny lalao

Raha ny ao amin'ny Firaisana voalohany indray, hita ho henjana ny lalao. Maro ireo kandida efa nanantena ny hatolotry ny fitondrana ary efa niteraka resabe. Koa rehefa tsy nitondra ny anaran-drainy, dia lasa niro-

tsaka ho kandida mahaleotena sadasada. Voaporofon'ny izany, tamin'ny nisintonan-dRtoa Nathalie R. sy Rima (nirotsaka tamin'ny anaran'ny AFF) ny taratasy firosahany ho fidiana nefa nahafeno ny fepetra rehetra. Heverina, fa noho ny kajikajy politika satria ny Minisitry Augustin Andriamanoro no nahazo ny tso-drano, ka nanao fanambarana hanohana azy avy

hatrany Rtoa Nathalie. Ny lisitra faharoa, Rima Manankasitsara niaraka taminy kosa, tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity vao nilaza fa hanohana an'i Paolo Raholiarivo. Midika ve izany fa misy disadisa ao anatin'ilay vovonana sa mety ho teti-panorona mba hanaparitahana vato ? Ny mpifidy no hanome ny valiny.

Niry R.

FFKM

Hijery akaiky ny raharaham-pifidianana

Milamindamin-dratsy no azo ilazana ny toe-draharaham-pirenena, amin'izao iray volana mahery kely mialoha ny hanatanterahana ny fifidianana solombavamba-hoaka izao. Ao anatin'izany rehetra izany, iarahan'ny rehetra mahita ny paipai-kan'ny mpanao pôlitika, mifanenjika sy mifanapotika ary mifanagadra, vokatry ny hevitra tsy mitovy sy ny tombontsoa samy manana ny azy. Tranga izay ahiana hiteraka savorovoro ihany koa, raha mitohy ny fifandranitana eo amin'ny mpomba ny andaniny sy ny ankilany, eny amin'ny tambajotra sôsialy sy amin'ny fampahalam-baovao samihafa. Fihetsika na fomba fiteny kely fotsiny mantsy dia ahiana hampifototra, raha misy tsy mahatsindry fo ny mpomba ny mpifanandrina. Manoloana ireo ahiahy

tanisaina eo ambonny ireo dia andrasana fatratra ny fanambarana hataon'ny Filohampiangonana 4 mirahalahy (FFKM), hanatan-teraka fivoriana manom-boka ny fiandohan'ny volana mey izao. Anisan'ny ao anaty lahadinika, araka ny loharanom-baovao marim-pototra, ankoatra ny fiainam-piangonana ny fiainampirenena sy ny raharaham-pifidianana, izay hita ho mifamahofaho amin'izao fotoana izao. Izy ireo izay fantatra fa manaraka akaiky ny toe-draharaham-pirenena ary tsy misalasala mamoaka fanambarana, mamotspot-sitra izay heveriny fa tsy ara-dalàna na mihoa-pefy.

Kandida hanompo ny vahoaka

Ny farany teo ohatra, efa nampahafantatra izay toe- toetran'ny kandida tokony hofidiana ho solombavam-



Andrasana amin'ny herinandro ambonny ny hevitra ny FFKM mikasika ny fifidianana solombavamba-hoaka.

bahoaka amin'ny 29 mey ho avy izao ry zareo eo anivon'ny FFKM. Izany hoe amin'ireo kandida ofisialy

473 dia napetrak'ireo filo-ham-piangonana fa mila mijery tsara izay tokony hofidiana ny mpifidy fa tsy

handatsa-bato noho ny fizaram-bola na fizarana tee-shirt na kabary kobaka am-bava na fampanan-

tenana poak'aty fotsiny. Farafahakeliny ambara-n'ireo olon'ny fiangonana ireo fa tokony hananan'ireo kandida ny hoe matahotra an'Andriamanitra, olona hita fa vonona hanompo ny vahoaka sy ny firenena, olona efa hita fa afaka hahavita zavatra hanan-gana ny firenena, olon'ny fisokafana ka hanaiky hiar-miasa amin'ny ankolafin-kery samihafa ary olona mendrika eo amin'ny fiton-drantenany sy ny fijoroany amin'ny fahamarinana. Ankoatra an'izay, tsy nitsa-hatra nitaky ny tokony hijeren'ireo tomponandrai-kity ny fifidianana hitandro toy ny anakandriamaso ny fitantanana ny fifidianana, indrindra ny fanajana ny marina sy mangarahara mba tsy hampisy olona na krizy intsony ny FFKM.

Mamy R.

Raharaha Olga Ramalason

Raisin'ny KMF/CNOE ho fanohintohinana ny demokrasia



Tsy mankasitrana ny fomba nampidirana am-ponja vonjimaika andRtoa Olga Ramalason ny filoha lefitry ny KMF/CNOE.

Taorian'ireo mpanao politika eo anivon'ny fianakaviam-ben'ny mpanohitra sy firai-samonim-pirenena samihafa dia naneho ny tsy fankasitrahany ny raharaha sy ny fomba nampidirana am-ponja vonjimaika andRtoa Olga Ramalason, kandida lisitra faha-2 natolotry ny Vovonana Firaisankina tany Antsirabe ny fikambanana KMF/CNOE tamin'ny alalan'ny filoha

lefiny Rabekijana Felix, omaly. Tsy nivilivily io tomponandrikaio raha nilaza tamin'izany fa amin'izao vanim-potoan'ny fifidianana izao dia fanohintohinana ny demokrasia sy ny maha tany tan-dalàna an'i Madagasikara no azo andraisana ireny fisambo-rana miendrika fampihoro-horoana kandidan'ny mpanohitra ireny. "Maromaro ireo kandida niharan'ny

fisamborana tato ho ato. Ny manahirana, tsy vitan'ny efa neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampianonana ny firotsahan-kofidian' izy ireo fa efa manana ny laharany ho ao amin'ny biletan'ny izy ireo kanefa mbola lavin'ny lalàna hafa aty ambadika indray izany", hoy ny fanazavany. Ao anatin'izany rehetra izany, nilaza io filoha lefitry ny KMF/CNOE io fa ireny zava-

nisy tamin'ny talata hariva ireny dia tokony ho efa natao mialoha ny naha kandida an'i Olga Ramalason. "Tahotra sy fanakanana ny demokrasia ilay izy amin'ny ankapobeny. Avelao halalaka ny safidin'ny vahoaka. Avelao ny olom-pirenena hisafidy izay olona tiany fa tsy adala ny vahoaka", hoy hatrany izy tamin'izany.

Nangonin'i Mamy R.

Andry Rajoelina

Misesy ny fitokanana fotodrafitrasa ho an'ny vahoaka

Notokanana tamin'ny fomba ofisialy teny Ivato ny tranoben'ny fitaleavana misahana fandaharan'asa fandrindrana ny vakisiny sy ny trano fitehirizam-bakisiny. Nitokana izany teny antoerana ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry mivady, notronon'ireo solontenan'ny sampandraharaha iraisam-pirenena misahana ny fahasalamana sy ireo mpiara-miombon'antoka

amin'i Madagasikara, miaraka amin'ireo mpikamban'ny governemanta vitsivitsy, notarihan'ny minisitry ny fahasalamana, Randriamantany Zely. Fotodrafitrasa maoderina manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ity notokanana ity. Mitentina 4 tapitrisa dolara mahery ny vola nanamboarana izany, izay vokatry ny fiarahamiasa teo amin'ny governemanta, ny minisiteran'ny

fahasalamana, ny "alliance pour la vaccination", ny "Unicef" ary ny "Gavi". Ahitana efitrano fitehirizam-bakisiny 11 ny fotodrafitrasa ary misy vata fitehirizana vaksiny miisa 2000 izay mandeha amin'ny herin'ny masoandro.

Libanona

Taorian'ny fitokanana ny toerana fitehirizana vakisiny teny Ivato, dia avy hatrany dia nihazo an'i Taolagnaro,

renivohitry ny faritra Anosy i Rajoelina Andry, filohan'ny Repoblika. Nanombohany izao fitsidihany nataony ny fitokanana amoron-drano-masin'i Libanona. Araka ny notsindrian'i Rakotovelomantsoa Voahary, governoran'ny faritra Anosy, "tahaka ny tsy nandeha aty Taolagnaro raha tsy nandalo eto Libanona". Eto Libanona mantsy dia ahafahana man-kafy "coucher du soleil" isan'ny tsara indrindra. Fanam-bin'ny filoha Rajoelina ny hanatsara ity morondranomasin'i Libanona ity isarihana mpizaha tany betsaka kokoa. Araka ny nosoritin'i Andriamanohisoa Gérard, sekretera-panjakana misahana ny tanàna vaovao sy ny trano fonenana dia "ao anatin'ny asa fampandrosoana ihany koa ny finia-vana hanarina ny rava". Efa tamin'ny Repoblika faha 2

mantsy no nisy ezaka fanatsarana farany i Libanona. Tsy vita hatramin'ny farany izany ary saika rava . Ny fitondrana tarihin'ny filoha Rajoelina no nanana finia-vana hanajary indray ny toerana. Natao amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina izany. Koa ny orinasa TELMA no niaranisalahy amin'ny fanjakana amin'izany.

Deyland



Fitokanana ny toerana fitehirizam-bakisiny teny Ivato.

TOLOTRA MANOKANA *Gazetiko*

Noho ny fahatrarany Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

"Izay tonga aloha tompo-tanindrazana."

Feny amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.

Anarana : _____ Fanampiny : _____

Adiresy : _____ Nomerao C.I.N : _____ Tél. : _____

DU SABLE MINÉRIEL LE PROCÉDÉ D'EXTRACTION

Utilisation des **propriétés physiques** des minéraux **SANS** recours aux produits chimiques.

Aucun
physi
Le sa
impu

1. EX
Des en
en sur
dragag
Le sab
à l'usin



2. DRAGAGE

La drague aspire le sable dans le bassin artificiel et l'envoi par tuyau vers l'usine flottante.

NOS PRODUITS :

Notre exploitation produit principalement de l'**ILMÉNITE**, et également du **ZIRSILL** et du sable contenant de la **MONAZITE**.



Zirsill : utilisé pour fabriquer des carreaux de céramique et des produits électroniques.

Ilménite : source de dioxyde de titane, utilisé comme pigment blanc dans les peintures et le papier.

Sable de Monazite : utilisée dans les technologies d'énergie renouvelable, aimants permanents, puissance pour les équipements et véhicules électriques.

	Ilménite	Zirsill	Sable de Monazite
Production 2023 (tonnes)	621 643	33 309	29 999



MINÉRALISÉ A L'ILMÉNITE, TRACTION ET DE SÉPARATION

Un produit chimique. Le procédé d'extraction et de séparation utilise exclusivement les propriétés physiques des minéraux pour obtenir l'ilménite, le zirsill et le sable contenant de la monazite. Le sable minéralisé passe par trois (3) principaux circuits pour être séparés et débarrassés de leurs impuretés : le **circuit gravimétrique humide (3)**, le **circuit de préparation (5)**, le **circuit sec (6)**.

EXTRACTION SÈCHE


Les engins extraient du sable de la surface en complément du sable dans le bassin artificiel. Le sable est envoyé par tuyau à l'usine flottante.

4. RÉHABILITATION

Une réhabilitation est entreprise sur les surfaces où l'extraction est terminée et le sable rendu à la nature après avoir été soustrait des 5% seulement de minéraux lourds.

5. CIRCUIT DE PRÉPARATION

Les minéraux lourds sont nettoyés par des attritionneurs. Le quartz en est séparé ensuite dans des séparateurs et des spirales. Les minéraux lourds sont séchés pendant 36 à 48 heures : le concentré est à 95%.



6. SÉPARATION FINALE

Les minéraux lourds arrivent à l'usine de séparation des minéraux et passent de nouveau par une séparation électrostatique : l'ilménite, un minerai conducteur, est obtenu. Les minéraux non conducteurs passent par une séparation magnétique pour obtenir le sable de monazite. Une autre séparation de la partie non conducteur et non magnétique des minéraux permet d'obtenir le zirsill.

3. SÉPARATION GRAVIMÉTRIQUE

Mélangé à de l'eau, le sable passe à travers 2 160 spirales dans l'**usine flottante** pour séparation par différenciation de densité des minéraux : un concentré à 88% de minéraux lourds est obtenu.

7. TRANSPORT VERS LE PORT D'EHOALA

L'ilménite est transportée en vrac vers le Port d'Ehoala dans des wagonnets tirés par des camions, le sable de monazite et le zirsill sont conditionnés dans des sacs de 2 tonnes et de 1 tonne et sont exportés en container.

Monazite :
Technologies
de -
à haute
puissances
es.



Rio Tinto QMM place l'environnement au cœur de ses actions avec un programme de gestion environnementale qui s'articule autour des normes et des standards internationaux du groupe mondial Rio Tinto, lesquels avec le décret MECIE Malagasy, requièrent des études d'impact environnemental et social : l'Évaluation des impacts Sociaux et Environnementaux (ESIE).

Rio Tinto

Rugby

Delegasiona mafonja no lasa atsy La Réunion

Nanainga omaly tetsy amin' ny seranam-piaramanidina Ivato, ny delegasiona malagasy, hiatrika ny fifaninanana anatin'ny "Festival AROI 2024", eo amin'ny taranja Rugby lalaoavin'olona 7. Tsihivina fa hotanterahina ao amin'ny kianja Casabona Saint Pierre atsy La Réunion amin'izao faran' ny herinandro izao izany, izay fifaninanana natokana ho an'ny latsaky ny 18 taona lahy sy vavy. Ankoatra an'i Madagasikara dia handray anjara ihany koa i Mayotte, Maoris ary La Réunion. Delegasiona mafonja no lasa any ho antsika, ka ankoatra ny mpilalao mandrafitra ny Makis, misy manager général sy manager ny ekipa lasa any La Réunion, miampy ny mpitsara baolina iray. Eo am-piandrasana izany, ireto no anaran'ny mpitarika ny delegasiona, mpanazatra ary ireo mpilalao hiatrika ity andiany 2024 ny AROI ity. Makis vehivavy : Raharilalao Fandresena,



Vonona tanteraka handrombaka ny anaram-boninahitra ireto Makis lahy sy vavy ireto.

Rasoamanarivo Mirana, Nomenjanahary Volatiana, Raharinantenaina Erica, Rasoarimalala Onja Nirina, Razafindranivo Ernand Micheline, Randrianarivelo Mendrika, Razafinindrina Valérie, Razanakiniaina Valimbavaka, Razafindra-

fara Mialy, Rasoarinoro Ginah, Razafimahatratra Finaritra. Manager de l'équipe : Herimahefa Ando, Coach: Dina Orléans, assistante coach Akio Imai. Mpitsara baolina : Onjanantenaina. Makis lehilahy : manager général: Irsade



Manager de l'équipe : Ramangalahy Jean Fabrice. Coach : Rakotoarisoa Richard. Dokotera: Ramanahefa Manitrarivo Claudel. Mpilalao : Herintiana Tsirava Safidy, Rakotonirina Dera, Andriamaro Loryano, Fanomezantsoa Ferdinand,

Rakotoarivelo Finoana, Rabemananjara Gregan, Fidison Ibrahim, Andrianjanahary Christiano, Bizou Juliot, Ranarivelo Jean Harilala, Rakotonirina Harena, Ramanantsoa Franderson.

Rabenaivo

Kitra - "Play off"

Hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny ampahefa-dalana

Hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifaninanana "play off", eo amin'ny taranja baolina kitra. Io no fanapahankevitra avy amin'ny federasiona izay nosoniavin'ny Sekretera jeneraliny, Ramatoa Rasolonjatovo Nanou, tamin'ny 24 avrily lasa teo. Voarakitra anatin'ny taratasy nalefa ho an'ny filohan' ny CFEM, mpikarakara ny "PFL", fa taorian'ny fangatahan'ny filohan'ny CODIS mahakasika ny fitoriana napetraka teny anivon'ny FMF, dia hahemotra aloha

ny lalao tokony hotanterahina ny 27-28 avrily. Ho fampiharana ny article 40 alinéa 1.M ao anatin'ny "statut"-n'ny FMF. Tsy nian-dry ela fa nanao "communiqué" ny teo anivon'ny CFEM, nilaza fa noho ny fanapahankevitra lehibe noraisin'ny Komity mpanatanteraka eo anivon'ny Federasiona, dia mampahafantatra ireo klioba mifaninana anatin'ny PFL izy ireo fa hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny "Play off" sy ny "Play out". Nanamafy ny

mpitantana ny CFEM, fa tsy niankina tamin'izy ireo izao fanapahankevitra izao, ka ialany tsiny sahady amin' ireo mpanohana sy mpitantana ny klioba ny fikoron-tanana sy fahataran'izao fanapahankevitra izao. Nampanantena kosa ny CFEM fa anatin'ny miara-mitady vahaolana hivoahana amin' izao disadisa izao. Hampa-hafantarina ihany moa ireo klioba rehefa misy ny vaovao mahakasika ny fitohizan'ny fifaninanana.

Rabenaivo



Tsy niankina taminay izao fanemorana izao, hoy Rakotoarimanana Henintsoa, filohan'ny CFEM.

Tennis - "Tournoi J100 Tlemcen"

Tafita amin'ny ampahefa-dalana i Andraina Mitia Voavy

Mitohy hatrany ny fahombiazana ho an'i Andraina Mitia Voavy, izay miatrika an' ilay "Tournoi J100 Tlemcen" tanterahina atsy Alzeria, eo amin'ny taranja Tennis. Lavony tamin'ny seta 2 no ho 0 ilay Maraokana, Yasmine Douyeb omaly, nataony tsy nisotro rano tanteraka satria dia 6/0-6/0 no isa nandritra ny seta roa. Tsihivina fa tsy niatrika ny fihodinana voalohany ity solontenan malagasy ity, izay anisan'ny sangany amin'ny fahazoana ny anaram-boninahitra. Ilay Toniziana, lamiss Houas indray moa no hifandona amin'i Mitia Voavy eo amin' ny ampahefa-dalana, hotaterina eto hatrany ny vokadalo. Mbola tafita amin' izany dingana izany koa ireo kalaza hafa, toa an'ilay Alzeria, Maria Dabache, izay hifanandrana amin'i Emma Fantusis. Mahakasika ity taranja ity hatrany fa



Mampiteny ny anarany mihitsy i Mitia Voavy atsy Alzeria.

atsy Abidjan Côte d'Ivoire, dia raraka teo amin'ny fihod-

dinana faharoa i Mahefa Raoily, rehefa nahilik'ilay

Frantsay Aaron Gabet, tamin'ny seta 2 no ho 0(6/1-

Rabenaivo

TSIPAKA

Nilatsaka indray iny ny fanapahankevitra teny anivon'ny FMF, izay ny Komity mpanatanteraka no voalaza fa nanapaka azy.

Handamina ve !

Noho ny fangatahan'ny CODIS handinika ilay fitoriana voarainy no nahatonga izao fampiatoana ny "play-off" izao. Antenain'ny maro fa hitondra fitoniana sy filaminana eo anivon'ity fifaninanana izao fa tsy sanatria indray vao maika hampikorontana ambony ambany. Ny mampanahy voalohany, dia tsy mbola fantatra hoe roviana vao hamaly ny CODIS, izay azo antoka fa tsy maintsy anatin'ny fotoana fohy. Ankoatra izay, rehefa hivoaka ilay didy, mbola ho afaka hampiakatra ny raharaha any amin'ny "commission de recours" ny ekipa ilany tsy mankasitraka ilay didy. Raha tsy milamina eo, mety mbola hampiakatra any amin'ny TAS izy, irariana ny tsy hahatongavana amin'izany. Raha sanatria izany no mitranga, miandry ny valin' izany rehetra izany vao ho afaka miverina sy mitohy ny fifaninanana "Play off", ka mampanahy ny tsy hahatratrarana ilay daty farany nomen'ny Kaonfederasiona Afrikanina handefasana ny anaran'ny solontenantsika, amin'ny faran'ny volana jona. Rehefa zohiana ny fepotoana hananan'ny mpikarakara ny PFL, dia tena vitsy sy isaina amin'ny ratsan-tanana mihitsy. Isika izao vao hiditra amin'ny ampahefa-dalana amin'ny "play off", mbola afaka tapa-bolana aorian'ny lalao mandroso vao azo taterahana ny lalao miverina, raha tsy hitanisa afa-tsy ny klioban'ny ASA Diana, izay raha ny halaviran'ny toerany dia sarotra ny hanaovana ny lalao miverina eo aminy anatin'ny herinandro monja. Ankoatra izay, mbola eo ihany koa ny fiadiana ny "TELMA Coupe de Madagascar", izay hiditra eny anelanelan'ny "Play off". Antenaina noho izany fa hamaha ny olana sy disadisa ny fanapahankevitra horaisin'ny CODIS eo, ka hiverina hitohy amin'ny tokony ho izy ny fifaninanana. Inoana rahateo fa tsy misy mahita tombotsoa amin'ny mety ho korontana sy tsy hananan' ny solontenantsika anjara any amin'ny sehatra afrikana. Samy tomponandrikitra ambony manana ny toerany sy fahaizany rahateo ireo mpitantana eny anivon'ny FMF, CE ary ny CODIS, izay marihana fa Raiamandreny sy mpan-dravona ny rehetra eo amin'ity tontolon'ny baolina kitra eto Madagasikara ity.

Rabenaivo

"Basket-ball Tour 2024"

Mpandray anjara 800 no andrasana amin'ny "Camp-Tournoi" sy ny "Clinic des Entraîneurs"

Hiditra amin'ny andiany faharoa ny hetsika fitoriana ny Filazantsara amin'ny fanaovana fanatanjahantena, izay mahasarika mpandray anjara maro tokoa

Ambohipihaonan'ny mpankafy basket-ball ny Renivohitr'i Madagasikara amin'ny sabotsy 04 mey 2024 ka hatramin'ny alakamisy 09 mey 2024, hanatanterahana ny "Camp-Tournoi" sy ny "Clinic des Entraîneurs" ary Lalao Iraisampirenena (Matches Internationaux) amin'ny toeram-pilalaoana isan-kazary (Kianja mitafo Mahamasina - Kianja Sainte fmaille - Kianja Barea), izay ahitana mpandray anjara lahy sy vavy 800 any ho any. Momba an'ilay lalao iraisampirenena dia ho tonga aty amintsika ny ekipa vehivavin'ny Spartans Université sy ny Trinité Université avy any Canada, hifampitana amin'ny MB2ALL sy ny GNBC ary ny AIA, izay mbola ampahafantarina eo ambany ny fandaharandala tanterahina amin'izany. Tomponandraikitra voalohany amin'ny fikarakarana ny hetsika ny Section Basket-Ball Antananarivo Renivohitra (SBBAR), tantanin'Atoa Rakotomavo Lalaina Mamisoa "Sousoune", miaraka miasa amin'ny fikambanana Athletes In Action avy any Canada, tarihin'ilay manampahazana amin'ity taranja basket-ball ity (expert), ny Coach Matt Guynup. Soritana fa mitory ny Filazantsaran'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fanaovana taranja ara-panatanjahantena maro ny Athletes In Action fa tsy ny basket-ball irery ihany.

Miditra amin'ny andiany faharoa

Araka ny fanazavana nomen' Atoa Andrianantenaina Félix, Tale Tekinika Rezionalin'ny SBBAR, dia natokana ho an'ny mpilalao sy ny klioba ary ny mpanazatra eto Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina azy irery ihany aloha ny fanarahana ny « Camp Tournoi - Clinic des Entraîneurs - Matches Internationaux ». Nanterin'i « Félix Lucadro » hatrany fa : « Betsaka ny mpilalao sy ny klioba ary ny mpanazatra avy any amin'ny faritra no maniry handray anjara. Tsy maintsy noferana anefa ny isan'ny mpandray anjara satria tsy mora ny mampiantrano mpandray anjara an-jatony maro izany. Mbola hodinihina amin'ny manaraka ny hanasana ny avy any amin'ny faritra, izay mbola



Ahazo dona sy tsapa amin'ny vahiny ny ekipantsika

miankina amin'ny hoentimanana hatrany koa izany". Hetsika fitoriana sy fanelezana ny filazantsara andiany faharoa izao atao izao. Raha tsiahivina dia teny amin'ny kianja Saint Michel Amparibe no nanantanterahana ny andiany voalohany, niarahan'ny SBBAR tamin'ny fikambanana CSRM avy any Pays-Bas, ka fahombiazana tanteraka no azo tamin'izany fotoana izany.

Miparitaka any Amerika

Tsy vaovao amin'ny fanaovana hetsika tahaka izao ity fikambanana kanadianina ity. Efa miely patrana any Amerika Avaratra sy Atsimo ny Athlètes In Action. Nomarihan'i Sousoune fa tafiditra ao anatin'ny tarigetrany SBBAR ny fametrahana "Aumônerie Sportive", izay fanampiana ny fitaizana sy ny fanabeazana ary ny fikolokoloana ny arapanahin'ny ankizy mpanao basket-ball amin'ny fitiavana fivavahana kristianina. Momba ny fikambanana Athlètes In Action manokana dia efa manana ny rantsany any Etazonia sy Bresil izy, ankoatra ny foibeny any Canada.

Fanadaharam-potoana
Tahaka izao ny fizotran'ny fandaharam-potoana mandritra ny telo andro hanaovana ny hetsika : Sabotsy 04 mey 2024 - Kianja mitafo'i Mahamasina

- 8 ora 30 : Filaharan'ny ekipa mpandray anjara rehetra, ny mpanazatra, ny mpitsara lalao, ary solontenan'ny tanora.
- 9 ora 30 : Kabary ifandimbiasana sy fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny lanonana.
- "Quadri Teams"
- 10 ora : AIA hikatroka amin'ny Spartans Université (Canada).
- 11 ora 30 : GNBC hiakatroka amin'ny MB2ALL.
- 15 ora : Fihaonana amin'ny "Camp des Jeunes".
- 17 ora : Famaranana Kianja Sainte Famille Mahamasina - "Mini Basket"
- 7 ora : Fahatongavana ; 8 ora : Fanaovana "Camp »

- (fanofanana - fampianarana) ; 9 ora : Fano-kafana amin'ny fomba ofisialy ; 10 ora : Tohin'ny fanaovana "Camp" ; 13 ora : "Matches All Star" ; 16 ora : Fanolorana Sertifika ; 17 ora : Famaranana Alarobia 08 mey 2024 - Kianja mitafo'i Mahamasina.
- 8 ora : MB2ALL # AIA
- 9 ora : Spartans # GNBC Lalao manasa-dàlana
- 14 ora : I # IV
- 15 ora 30 : II # III Kianja ivelan'i Barea
- 13 ora : "Camp des Jeunes"
- 16 ora : Fanolorana Sertifika
- 17 ora : Famaranana Alakamisy 09 mey 2024 - Kianja mitafo'i Mahamasina
- 8 ora : Hetsika Evanjelika
- 10 ora : Famaranana "U14" zazavavy
- 11 ora : Famaranana "N1B" lehilahy
- 15 ora : Famaranana "Quadri-Teams"
- 16 ora : Fanolorana amboara
- 17 ora : Famaranana

aris rafaly



Matt Guynup, hitondra ny traikefany amin'ny basket-ball Malagasy

Spaoro - Fahoriana

Atletisma/Lomano Nodimandry i Jaovanona

Nindaosin'ny fahafatesana ny kolonely Jaovanona, izay nanokana ny androm-piainany tamin'ny fikarakarana ny tanora malagasy teo amin'ny sehatra ara-panatanjahantena. Anisan'ny taranja nahafantarana azy voalohany ny teo amin'ny lomano tamin'ny naha mpanazatra azy tao amin'ny klioban'ny COSFAP. Taty aoriana dia niova taranja izy ka ny atletisma no tena nahafantarana maro azy, izay niarahany nisalahy tamin'ny Filoha Christian Razafimahefa. Rehefa tsy nisahana ny Federasionina Malagasin'ny Atletisma intsony ity farany ity dia tsy re firy ny momba azy. Tamin'ny fankalazana ny faha-40 taonan'ny klioban'ny COSFAP no nahitana azy farany. Tsetsatsetsa tsy aritra no ampatsiahivana fa rehefa tafaraka amin'ny mpanao gazety, eny am-panaovana "reportage" ny lehilahy, dia raikitra ny fampihomezahana sy ny fifanalàna eny ambony fiarakodia : "Lomano no mampahalaza an-dry Kolonely Jaovanona ka inona no ataony aty amin'ny taranja fototra atletisma !!!". Marihina fa na teo amin'ny taranja lomano na atletisma dia maro ny atleta novolavolainy, izay efa manana ny toerana ambony tsy eto amin'ny firenena ihany fa hatrany ivelany koa. Araka ny fandaharam-potoanan'ny fianakaviany dia entina any an-tanindrazany androany ny vatana mangatsiakany, hanaovana ny fandevenana azy any Ambatoaragnana Ambilobe Antsiranana. Rehefa avy atao veloma farany, hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, eny amin'ny Chapelle militaire "n'Ampahibe. Manana ny mariboninahitra "Commandeur du Mérite Sportif de Madagascar" sy ny "Chevalier de l'Ordre National" izy.



Hand - ASCO

Lasa koa Ralila

Misaona ihany koa ny ton-tonon'ny hand-ball malagasy fa nodimandry, omaly, tany Toliary Andriamanjato Willy, na Ralila no fiantson'ny maro azy. Nitondra avo ny lentan'ity taranja ity tao amin'ny klioban'ny ASCO Ralila, ary ny firenena malagasy mihitsy. Kinga sy mailaka tamin'ny fizarambaolina nataony izy. Anisan'ny ahatsiarovan'ny mpankafy an'ity taranja ity azy dia ny fahaizany mampifaly sy "mampirevy" ny mpijery baolina eny ambony kianja. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mampionona sy mampahery ny fianakaviany sy ny klioba ary ny federasionina niahy azy mianaka ireo.



a.r.

Sarisary zary tenany

Omeo Hatsikana an-tsary

Ati-doha



Masoandro iposaka

Lioka 17:22
 22 Ary hoy izy tamin'ny mpianatra: Ho avy ny andro hanirianareo hahita ny anankiray amin'ny andron'ny Zanak'olona, nefa tsy hahita ianareo.

Indray mipika



Nanantosa ny pejy
 Nil : Tel: 033 07 465 05



Chabolana

Raha zaza sarotra alafify, aoka ho sosona.

Si un enfant ne veut pas se laisser arracher une dent, qu'il lui en vienne une autre à côté.

Sudoku Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 3228

8	1							
	4		1	3				5
			9	4		1		
			5	3	2		8	6
5	7	4		8	9	3		
6		1			5			
1			6	4	9			
		8	3			6	2	
		4		8	5			

Valin'ny laharana 3227

8	6	1	2	7	9	3	4	5
9	7	5	4	3	1	2	6	8
4	2	3	6	8	5	1	7	9
5	1	6	7	9	2	4	8	3
7	8	2	3	5	4	9	1	6
3	9	4	8	1	6	5	2	7
6	4	9	5	2	7	8	3	1
2	5	8	1	6	3	7	9	4
1	3	7	9	4	8	6	5	2

TENY MIAFINA N° 829

Mifamono tsiroaroa ny litera rehetra afa tsy ny an'ny teny miafina. Tsihiho ny litera mitovy mifanakaiky mitsangana na mitsivalana dia avy eo dia ny litera mitovy tsy misy manelanelana afa tsy litera efa voatsipika.

Grid of letters for Teny Miafina N° 829. Row 1: S E A O K I F R Z G. Row 2: E O M L I B Z I M E. Row 3: F S H M H J O N Z G. Row 4: H M A R R D E D I N. Row 5: B F D M D F B N A A. Row 6: H M S L S J E R D Y. Row 7: R S R D F M O M F D. Row 8: F O J N A B A J D Y. Row 9: A E B J V I Z V J B. Row 10: M L E N E K F K L M.

06 litera

Valin'ny teny miafina 828 : HELO

Kakuro 828 grid with numbers. Row 1: 2 5 3 1 | 1 6 | 8 2 1. Row 2: 8 7 9 2 | 6 3 4 | 9 6 5. Row 3: 1 3 | 7 9 5 8 2 6 1. Row 4: 9 6 8 | 2 7 1 | 4 1. Row 5: 2 4 1 | 3 8 9 4 1 5 2. Row 6: 9 8 7 2 1 4 | 8 7 9 3. Row 7: 1 6 | 8 4 9 3 6 5 7. Row 8: 1 7 2 | 1 3 | 3 1. Row 9: 7 1 2 9 6 3 8 | 1 8 9. Row 10: 9 5 8 | 5 1 9 3 2. Row 11: 2 3 1 9 4 | 8 7 3 9. Row 12: 4 3 6 2 7 5 8 9 | 2 8. Row 13: 8 4 9 7 | 2 1 7 | 1 7.

Valin'ny Teny Mirandana Lah. 7854. A • • A E L E Z O •. N I T O R A K A • F. G • • R A • E • • A. A N D I N I N I • L. D • R A I K I T R A. R A • N • E • A • D. A V I A • L A R O I. N O • • Z E Z I K A. O T R A • Z • N • N. • I N T S O N I • I.

LALAO : TELOMIOVA

Tsihiho ireto teny ireto (na mitsangana na mitsivalana na misom-pirana) dia farito izay litera manaraka ilay teny avy hatrany. Atambaro ireo litera ireo dia ho fantatrao ny tiany ho tenenina ; misy litera tavela koa ireo, atambaro dia ho hitanao ny valiny

- A O B A B M A N T I
A A N A K A T O N I
O L R E E N K O N M
R A I T R D T O P I
I L N K O A A A L A
A I D I A L N H M I
N P R N A O A A N N
A M A L M V L S I A
D I E I A O I I I
K K K A S A O L O M

- HAVIA NAATONI NAMBABO LOVAINAO MISALOTRA
SALAM MPANOME ONERANAI NAKATONI KILALAONI
BAKOLI INDRAI ALIKAOLI MANDA-
MIAINA AORIANA MPILALAO LOVA

- Valin'ny lalao omaly : - NAFIFY - RAVA

NY TONONANDRONAO ZOMA 26 APRILY 2024

Asorotany 18 aprily - 14 may

ASA: Mila maka aina ianao raha tsapanao oe reraka loatra ianao FITIAVANA: Tsy izay milaza oe tianao no tena tianao fa izay niaritra ny mamy sy ny mangidy teo anilanao

Adijady 09 oktobra - 07 novambra

Raha tinao ny hijanona eo anilany dia tiavo izy ary hajao tsara

Adalo 08 novambra - 06 desambra

ASA: Reraka lotra ianao ka mila maka aina kely aloha FITIAVANA: Na ny olon-tinao aza mety hamadika anao ka mila mailo fona ianao

Alahasaty 15 may - 12 jona

ASA: Mila misakafo tsara ianao mba ahafahanao miatrika tsara ny asa miandry anao FITIAVANA: Samy miasa loha ianareo fa tsy oe ianao irey akory no misy olana

Alohotsy 07 desambra - 15 janoary

ASA: Tsy voatery ampafatarina an'izao rehetra izao ny asa vitanao FITIAVANA: Mifanarha tsara ianareo.

Asombola 13 jona - 11 jolay

ASA: Asio "code" ihany izay zavatra tena sarobidy aminao na apirimo amin'ny toerana atokisana FITIAVANA: Na mpifankatia aza ianareo dia mba samy manana ny fiainany manokana ihany koa

Alahamady 16 janoary - 14 febroary

ASA: Hitsikio fona na dia mafy aza ny ady atrehanao FITIAVANA: Aza tomany ianao fa tsy iny irey akory no manam-pitiavana

Admizana 12 jolay - 10 aogositra

Aza ivaky loha be loatra ianao, tonio tsara aloha ny fo fa tsy hisy olana akory ny zavatra nataonao

Adaoro 15 febroary - 15 martsa

ASA: Aza manapatapaka ianao sao ka ho hitan'ny tompon'andriakitra izany FITIAVANA: Aza mampijaly tena amin'ny fitiavana ianao

Adizaoza 16 martsa - 14 aprily

ASA: Rehefa miasa tsara ianao vao mendrika fisondrotan-karama FITIAVANA: Aza atao hitany oe mala-helo ianao

HAFATRA MIAFINA


Amin'ny alalan'ireo kisarisary eo ambany, asio soratra eo ambony, dia fantaro izay tiany holazaina.

Word search puzzle with letters and numbers. Includes words like OZ, D, E, S, E, O, U, A, A, E, +, I, E, +, M, T, X, E, O, T, A, X, 2.

TENA LASIBATRA IZAHAY RAHA IZANY.

TENY MIDINA

- 1. Mpanoritra
2. Fy
3. Tenona
4. Tankina
5. Tombo




Valin'ny TENY MIDINA omaly

- 1. MA
2. MAY
3. MAMY
4. MAMAY
5. MANIMA

DISO FITO

Rehefa tazanina dia toa mitovy ireo sary ireo. Raha jerena tsara anefa dia misy diso ao anatiny. Fito izy ireo, mba tadiavo kely hoe ?



TONDRO-TENY

Word search puzzle with words like Nahafay, Ravina, Handry, Tratra(bl), Lera(br), Re(bl), Nanavy, Nakelezina, Midaboka, Nalao, Natahorana(mv), Mitsimoka(mv,bl), Harena(bl), Izaho.


Valin'ny tondro-teny omaly

- N A L A N A
A K • N A K
• A N A R O
A R I R A •
N I • A R I
A • A K I L
T O R O • O

TENY MIRANDRANA Lah. 7855

Ahidiro amin'izay tandrify azy ireto teny ireto dia ho mora aminao ny mamaky izany mitsangana sy mitsivalana :

- ANGE AOTRA ATSAHARO AVOAKANAI
ATSI EKENAI FILOKANI NANTENAINA
RAVO ATODINI KIRAROKO APETAKAREO
ADIKA KAOPINI ENDASIKO



KAKURO 829

Kakuro puzzle grid with numbers. Row 1: 17 38 24 30 | 23 13 29 | 11 20. Row 2: 24 | | | | | 10. Row 3: 36 8 | | | | | 17. Row 4: 9 | | | | | 45 10. Row 5: 12 | | | | | 19. Row 6: 39 | | | | | 6. Row 7: 11 19 | 7 | | | | 12. Row 8: 31 | | | | | 7 | | 12. Row 9: 11 | | | | | 9 | | 9. Row 10: 34 | | | | | 12. Row 11: 6 | | | 15 | 30 | | |.

Fenoy tarehi-marika 1 hatramin'ny 9 ny faritra fotsy. Kajio hanome ny tambatra (ankavia ho an'ny mitsivalana, ambony ho an'ny mitsangana) ny fitambarany. Tsy maintsy samihafa ny tarehi-marika ho an'ny tambatra iray. Efa misy toro-dalàna napetraka ahafahana manomboka ny lalao.

MAHASOA

Misy any koa ny zavatra tsy azo atao mila tadidintsika, ohatra : tsy mety ny manadio amin'ny alalan'ny "vinaigre blanc" ny : . Ecran . Zavatra vita amin'ny varahina . Ny fera fipasohana sns,

AMPITENENO NY BANGA

Fenoy ny banga dia hisy teny hivoaka amin'izany

Word search puzzle with words MIT, DRO, TAN, KO, TRA, NY.

Valin'ny lalao omaly : SAKAINY + MANKATO + MANAOVA = KANKANA

Mba tsapanao ihany ve io ianao lany andro mitsiriritra an'i Ravolasoa sy i Ranarivola vadina mpanakarena atsy atsimo atsy io e. Izy ireo ange ka tsy mijery na mahafantatra anao mitsiriritra azy ireo akory e.

HOTSAKOTSAKOINA

«Ny lakile tsara indrindra hitahirizana anao ho bikana sy mihaja dia ny fahatsorana. lo ilay fanalahidy lafo vidy sy sarobidy.»
Ny Vetso (19.11.16)
(«La simplicité est la clé de toute véritable élégance.»)

Tsiroanomandidy

Jiolahy raindahiny maty voatifitra



Tsy mandry fahalemana ny faritr'i Bongolava.

Maty voatifitry ny mpitandro filaminana tao amin'ny tanànan'i Maharandriana, kaominina Tsiroanomandidy Fihonana, faritra Bongolava, ilay jiolahy raindahiny amin'ny fanafihana tanàna nikoizana tokoa tao amin'ny faritra Bongolava sy ny manodidina. Ny alahady lasa teo no tra-tehaka ity jiolahy ity. Raha ny angom-baovao voaray dia olona tsara sitra-po no nanome ny toerana misy azy ka avy hatrany dia tonga tany an-toerana ny mpitandro filaminana. Namaly ireto farany moa io jiolahy io ka voatery nitifitra ny mpitandro filaminana ary maty tsy tra-drano ranamana. Raha ny fantatra dia efa dimy taona izay no nikarohana ity olon-dratsy ity ka izao izy tratra izao ihany ary maty tsy tra-drano. Mbola karohina kosa ireo namany.

Rablaise

MANAMPY ANAO

Permanences 20 avril au 26 avril 2024

- PHARMACIE DE GARDE
ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanirana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arrêt bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravohangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7
Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy - 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohivao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy - 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandrozeza - 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiola - 034 52 610 64
Ambohahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimgakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy - 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amarokona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankarabato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina - Tsarahonana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijana - 032 11 102 11
Ankarabato en face CSBII - 034 64 330 62

- A.M.I.T.
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81
AMBULANCE
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostic et d'urgence médical) TEL 22 329 56 / 032 07 822 28 / 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM - 01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52
HOPITAUX ET CLINIQUES
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

TELEVISIONA

Television schedule section featuring logos for MA TV, RECORD TV, VIVA, and blueline TV, with a grid of program listings including titles like 'Série', 'Journal', and 'Documentaire'.

Gazetiko advertisement with contact information: Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A., Sosalety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000, Tale jeneraly: Jeremy RABESAHALA, Talen'ny Fanoratana: Lucien RAHARISON, 034 34 697 06, Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana: Herivonjy RAJAONAH, 034 34 697 10, Biroa sy fandraharahana: Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo, Tél : 038 34 344 34, Fax. 22 273 51, e-mail : midigazetikom@gmail.com, D.L.I : 16 654 - 04 - 24, Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro advertisement for Paty amin'ny poarao sy fromazy: Zavatra ilaina : paty 250 g, poarao 3, fromazy 200g, crème fraîche 200ml, divay fotsy 100ml, tongolo be 2, dibera 2 sotra lehibe. Fikarakarana azy : Diovysara dia teteho ny poarao. Maka vilany dia endaso amin'ny dibera kely ny tongolo be sy ny poarao. Araraho ao ny divay fotsy sy ny crème fraîche. Ataovy afo malefaka. Etsy ankilany ampangotrahy ny paty. Teteho madinika ny fromazy. Rehefa masaka ny paty dia tsihifo ka arotsahy anaty vilany miaraka amin'ny poarao. Afangaroahy amin'ny farany ny sakafo rehetra dia araraho eo ambonny ny fromazy.

Contactez-nous directement PAR MAIL advertisement with email dokamidi@gmail.com and logo for midi madagasikara.

TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON - ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIK TEL 23 397 51
HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHTSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23
MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHAHA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94 / 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94 / 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24h/24)
ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66 / 034 02 088 16 / 034 02 00 911
CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
AROVY CLINIC
ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)
POMPIERS
- TSARALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76
POLICE SECOURS - GIR
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117
COMMISSARIATS
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHTSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Olan'ny famatsiana rano

36 isanjaton'ny kartie mijaly avokoa

Efa betsaka ny ezaka atao saingy mila hamoraina ny fahafahana mahazo fitaovana hampalakilaky ny asa.



Ilaina ny fandraisana fanapaha-kevitra faran'izay haingana fa tena mijaly rano ny mponina.

Tamin'ity taona 2024 ity, tafakatra hatrany amin'ny 60 000m³ isan'andro ny tsy fahampiana rano fisotro madio ho an'Antananarivo Renivohitra. Araka ny tatitra navoakan'ny Jirama, ny 36 isanjaton'ny kartie dia mijaly rano avokoa, ka ny 4 isanjato amin'ireo tsy nahazo rano mihitsy na antoandro na alina, ary ny 32 isanjato mahazo rano ihany fa amin'ny alina ihany. Mitohy ihany koa ny fahatapatapahan'ny famatsiana vokatra ny fahasimban'ny fitaovana izay tena efa antitra. Vokat' izany, mitsitapatapaka ny fisitrahana rano, indrindra ho an'ireo toerana manodidina ny renivohitra sy ireo

faritra avo. Itaosy, Ambohimangidy, Fenoarivo, Ambohidrapeto, Ivato, Ambohidratrimo, Ifaly, Lazaina, Faravohitra, Ankatso, Andraisoro, Fort Duschene, Fort Voyron, Ambatomaro, Ambohimangakely, Alasora, Bongatsara, Andoharanofotsy, Ankarobato, Merimanjaka. Tamin'ity volana aprily ity manokana, araka ny fanazavan'i Hilarion Ramiaranana, "Chief of Emer-

gency Network Water JIRAMA" dia miankina betsaka amin'ny famatsiana herinaratra ny famokarana sy fizarana rano. Tsy ampy ihany koa ny fitaovana hahafahan'ireo teknisianina miasa araka ny tokony ho izy ary amonjena ny fahasimbana. Maromaro ireo dingana tsy maintsy atao raha hividy fitaovana iray ka lasa ela vao mivaha ny olana. Ary farany fa tsy kely

indrindra ny tsy fahampian'ny olona miasa noho ny fiatoan'ireo mpiara-miasa rehetra. Vokany, mikorontana ny famatsiana rano eny amin'ireo tambajotra fitsinjara rano, indrindra fa ny eny Manjakaray, Anjanahary, Faravohitra, Betongolo, Alasora, Itaosy, Ankarobato, Ambohipo, Ivandry, Ambatobe, Ambohidrapeto, Analamahitsy sy ny toerana maro hafa. Tamin'ity volana ity ihany koa, nifandimby ny fahasimbana fitaovana teny Mandrozeza ary nitombo ny fe-potoana nanamboarana ny milina simba noho ny tsy fisian'ny fitaovana teo no ho eo. Tao anatin'ny telo herinandro, indroa niato ny paompy eny Mandrozeza ary roa andro vao vita ny fanamboarana teny Nanisana noho ny fahasimban'ny "surpresseur". Noho ireo olana ireo, 49 isanjato amin'ny faritra eto Antananarivo no nijaly rano, ka ny 18 isanjato tsy mahazo

rano mihitsy na antoandro na alina ary 31 isanjato amin'ny alina ihany vao mandeha ny paompy. Misy ny fepetra noraisina hanalefahana izany olana izany na tsy misy aza ny famatsiam-bola goavana. Anisany ny famatsiana rano amin'ny « citerne » eny amin'ireo faritra tena mijaly. Nampifandimbiasina ny fahazoana rano ary fandanjalanjana ny tambajotra araka izay tratra. Efa manomboka ny asa eny Fort Voyron izay maharitra 3 volana ary nampiasana vola be ny fametrahana « hydrophore » miaraka amin'ny lakan-drano. Fametrahana toeram-pitrandrahana ho an'ny tapany andrefana sy ny maro hafa. An-dalampandinihana ny fametrahana fitaovam-pitrandrahana rano ao lavoloha mba hiantohana ny lapa sy hanamaivanana ny tambajotra famatsiana rano ho an'ny mponina. **Nath**

Fiompiana omby sy akoho ary tantely

Hamolavola tondrozotra hampiroboroboana ireo sehatra ireo ny MINAE

Natomboka omaly ny famolavolana tondrozotra hahafahana mampiroborobo ny sehatry ny fiompiana eto Madagasikara, na "Plan Directeur du Secteur Elevage à Madagascar". Hojerena amin'izany ireo paikady hahafahana manatsara sy mampitombo ny vokatra. Eto amintsika mantsy, marobe ny filana kanefa vokatra mbola kely. Antony iray mbola mahatonga antsika tsy hahaleo tena ara-tsakafo izany. Nosafidiana manokana amin'izao fanombohana izao ny famokarana henan'omby, famokarana ronono, akoho amam-borona amin'ny alalan'ny hena sy atody



Nampahafantatra ity PDSEM ity ny Tale Jeneralin'ny minisiteran'ny Fambolena sy Fiompiana, Anondraka Michel.

ary ny tantely. Misy ivon-toerana iray antsoina hoe ILRI izay manana traikefa amin'ny fandrafetana pai-

kady eto Afrika hanazava sy hizatra traikefa ka amin'ny ankapobeny ny mpisehatra rehetra tsy maintsy jerena

tsirairay. Hisy ny fidinana eny ifotony, fijerena paikady ary fandrafetana asa amin'izay amin'ny fanarahana ny tondrozotra. 15 taona ny drafitrana fampandrosoana fa 5 taona kosa ny drafitrana fanatanterahana ka hisy fanatsarana isaky ny 5 taona izany. Isan-tokantrano dia misy ny fiompiana, satria ny 80 isanjato miaina ao amin'ny tontolo ambanivohitra. any Afrika, 35 litatra ny ronono sotroin'ny olona amin'ny ankapobeny raha mbola 10 litatra izany eto amintsika. Ahoana ny atao mba hanatratra 20 litatra ho antsika eto. Ny famokarana anatin'ny tanjona indrindra amin'ny vary, hena ary ny

atody. Ny paikadin'ny minisitera ny fanatsarana ny vokatra sy ny fahitana izany eny an-tsena. Misy ny fakan-kevitra maromaro ao anatin'ny sehatry ny fiompiana manomboka eto ka tafiditra ao anatin'izany ny famokarana akora sy sakafom-biby, ny mpanodina, mpiompy sy ny mpamokatra ary ireo mpiantsehatra rehetra ao amin'ireo sehatra efatra ireo. Voalaza fa tsy mbola manondrana hena isika hatreto ary miezaka manatsara sy mampitombo ny vokatra rehetra, hoy ny Tale Jeneralin'ny minisiteran'ny fambolena sy fiompiana, Anondraka Michel. **Nath**

FOARA FEPA

Tanterahina mandritra ny efatra andro eny amin'ny MPE Nanisana

Fotoana iray natokan'ny "Malagasy Professionnels de l'Elevage" na MPE eny Nanisana hanomezana lanja ny vokatra ny fiompiana rehetra ny foara FEPA, izay tanterahina nanomboka omaly hatramin'ny alahady izao. Miditra amin'ny andiany faha-16 isika ary manodidina ny 135 ny isan'ireo mpandray anjara avy amin'ny lafy valon'ny Nosy. Hita ao avokoa ny karazan-tolotra rehetra ataon'ny tantsaha. Navondrona amin'ny toerana iray ireo karazan' akoho amam-borona, bitro, ondry, trondro, masomboly sy ny legioma. Hita fa efa

miditra ao anatin'ny sehatry ny matihanina isika eto Madagasikara mba hanatsarana sy hampitomboana lanja ny vokatra. Eo ihany koa ny fampidirana karazam-bokatra vaovao izay somary lafolafo kokoa raha oharina amin'ny vokatra malagasy, saingy hahazoana tombony kokoa na dia lafo aza ny mason-karena. Toy ny akoho sy bitro ary ny vorona. Eo ihany koa ny famarotana akora fototra ilain'ny tantsaha, toy ny sakafom-biby, ary farany kanefa tsy atao ambanin-javatra ny fizarana traikefa eo amin'ny samy mpiompy, na ihany koa ireo ivon-



Ireo tomponandraikitra ambony nanatrika ny fanokafana ny FEPA andiany faha-16.

toerana mampiofana tantsaha ho lasa matihanina

amin'ny sehatra misy azy. Manomboka miroborobo

ihany koa ny fanodinana sakafao eto amintsika, satria simba sy lo fotsiny ny vokatra iray rehefa tena mitobaka ka lasa faty antoka. Ny ronono lasa fromage ary tena maro karazana ireo hita eny amin'ny FEPA eny amin'izao. Voankazo lasa confiture na nohamainina ary ny vomanga nendasina ka natao ao anaty fonony tsara. Samy miezaka ny rehetra mba hahasarika olona kokoa ny entana amidy sy hiavaka amin'ny maro. Mahazo izay tandrify azy ny rehetra mandritra ireo efatra andro ireo. **Nath**

Samy...

Mikorontana !

Na dia efa dila aza ny fotoana fahitana, ahiana hisy rivodoza hahakaisika ny faritra avaratry ny nosy amin'io herinandro voalohany amin'ny volana mey io, araka ny vinavinan'ny mpamantatra ny toetr'andro. Tranga manamafy, resaka isika samy isika ihany, fa tena mikorontana ny toetr'andro tsy manaraka intsony ny fizaran-taona ! Mikorontana satria rehefa mafana ny andro dia miakatra izay tsy izy ny hafanana, rehefa avy indray ny orana sady mateza no betsaka mihoatra ny andavanandro ny rotsak'orana ary raha misy rivodoza lasa mahery be manimba zavatra maro. Mikorontana ny toetr'andro, mikorontana ihany koa ny fiainana andavanandro. Ohatra manehozany ny rano sy ny famatsiana rano, izay olana tsy mbola voavaha hatramin'izao. Raha izay ny eo amin'ny toetr'andro, mikorontana ihany koa ny tontolo politika amin'izao herinandro vitsy mialoha ny fampielezankevitra amin'ny fifidianana solombavambahoaka izao. Na izany eo amin'ny mpilatsaka hofidiana na izany eo amin'ny mpomba azy ireny na izany eo amin'ny mpisehatra hafa amin'ny raharaham-pifidianana. Endrika isehoan'ny korontana ny fanambarana samihafa nanao sesilany tato ho ato sy ny tranga mahalasa eritreritra etsy sy eroa manodidina io fifidianana hatao amin'ny volana ambony io. Anatin'izany rehetra, sanatria koa ve mikorontana ny fanarahana sy ny fanajana ny lalana amin'ny tranga miseho ataon'ny mpifaninana tsy mahandry ny fotoana hanombohan'ny lalao eo amin'ny kianja ! Ny tsy azo lavina amin'izany rehetra izany, resaka isika samy isika, tsy hita ilay fitoniana dradradraina fatratra tadiavin'ny rehetra !

Samy isika ihany é ! Herivonjy RAJAONAH

Fahasalamana

Nahazo toerana fitehirizana vakisiny lehibe indrindra eto Afrika isika

Zaza 1,3 tapirisa eo anelanelan'ny 0 hatramin'ny 11 volana no atao vakisiny isan-taona mba hisorohana amin'ny karazan'aretina.

Notokanana omaly ny toerana fitehirizana vakisiny lehibe indrindra eto Afrika izay hita eny Ivato. Mivelatra amin'ny velarantany 4500 m² izy io, misy birao 1800 m², misy trano fampangatsiahana 11 ary manana vata fampangatsiahana 2 000 isa. Mitentina 4 160 000 dolara ny saran'izany trano fampangatsiahana izay novatsian'ny GAVI ara-bola izany. Tsy hisy intsony ny fahatapatapahan'ny famatsiana vakisiny ary ho afaka hiparitaka ara-potoana ireo any amin'ny faritra. Taorian'ny Covid 19, zara raha nisy 36% ny tahan'ny zaza vita vakisiny saingy efa tafakatra 86 isanjato izany amin'izao fotoana izao. Antony iray nahatonga ny tsy fahitana tranga-na lefakozatra teto amintsika intsony tao anatin'ny 6 volana izany ezaka izany. Miaro ny zaza amin'ny karazan'aretina ny fanaovana vakisiny ary natao izao ezaka be izao mba hahafahana miantoka ny kalitaon'ny vakisiny. Amin'izao



Zavadehibe ho an'ny filoha mivady ny fahasalaman'ny zaza malagasy ka nanotrona ireo vahiny maro izy tamin'ny fitokanana ny fotodrafitrasa fitehirizana vakisiny.

fotoana izao, 90 isanjaton'ny tobim-pahasalamana efa misy vata fampangatsiahana mandeha amin'ny herin'ny masoandro avokoa ary tanjona ny hahatonga izany ho 100% hatramin'ny faran'ny taona. Nilaza ny filoha Andry Rajoelina fa "Ao anatin'ny fanamarihana ny herinandro iraisampirenena amin'ny fanaovambaksiny isika ary 50 taonan'ny fandaharanasa fanaovam-baksiny eto Afrika. Misy ny ezaka manokana ataon'i Madagasikara amin'ny fanentanana ny ray aman-dreny hampanao

vakisiny ny zanany. Natao taonan'ny fanaovana vakisiny rahateo ity taona ity satria zava-dehibe loatra ny fahasalamana." Hanokana 100 tapitrisa dolara ny Gavi ho an'ny fanaovam-baksiny amin'ity taona ity. Ny minisitry ny fahasalamana rahateo efa nanambara fa misy 7 ny hetsika fanaovam-baksiny ka tafiditra ao anatin'izany ny vakisiny lefakozatra, kitroto 1 ary ny vakisiny rehetra ny 4. Zaza 1,3 tapirisa eo anelanelan'ny 0 hatramin 11 volana no atao vakisiny isan-taona mba hisorohana ny aretina.

Nanatrika izany fitokanana izany ny filoham-pirenena mivady sy ireo delegasiona vahiny marobe tonga eto Madagasikara toa an'i Dr Omotayo Bolu, CDC Atlanta, ny Talem-paritry ny Unicef eto Afrika Atsinanana sy atsimo Etleva Kadili izay nanome toky fa manomboka izao, hamafisina ny fanentanana sy fampitana hafatra mandritra ny herinandron'ny fanaovambaksiny ary ny zaza rehetra, eny na ireo lavitra indrindra aza hotratrarina.

Seranan-tsambon'i Toamasina Fiara miisa 300 hatao lavanty

Marobe ireo fiara mipetra-potsiny tsy misy maka ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina. Nankatoavina teo anivon'ny filankevitry ny minisitry, natao tamin'ny alarobia lasa teo teny amin'ny lapam-panjakana lavoloha, ny hanaovana lavanty misy fepetra fiara miisa eo amin'ny 300. Tsy nahazoana famotsorana haba ireto fiara ireto ary efa antaonany maro no nitoby tao, ka lasa manelingelina ny fivezivezana eo anivon'ny seranan-tsambo. Ny ankamaroan'izy ireo dia familiana an-kavanana avokoa. Horavana sy hotapahina ao amin'ny faritry ny seranan-tsambo ihany ireto fiara ireto. Tsy hisy fanambarana hatao amin'ireto kojakoja azo avy amin'ny fandravana hatao ireto, koa mba hiantohana an'izany dia hotapahana avokoa ny « châssis » misy ny laharana famanatarana azy, ary esorina koa ny takelaka nanamboarana ny fiara. Anjaran'ny nahazo ny lavanty kosa no miantoka ny saran'ny fandravana sy fanapahana, izay tsy maintsy atao eo ambany fanarahamason'ny sampandraharahan'ny Fadintseranana sy ireo sampandraharana teknika hafa voakasika ary ny DGSR (Direction Générale de la Sécurité Routière). Misy ny komity manokana mikarakara ny fanaovana ity lavanty ity, ary didian'ny lalàna ny fampahafanatarana amin'ny daholobe ny fisian'izany amin'ny alalan'ny haino vaky jery isan-tsokajiny mba hisorohana ny kiantranoantrano andaniny, ary ny mba hahafahan'ny rehetra mandray anjara ankilany. Iaraha-mahalala fa lafo ny haba aloa amin'ny famoahana fiara eo anivon'ny Fadintseranana, ka anisan'ny antony mhatonga ireo fiara marobe tsy misy mpaka.

R. Muray



Nath Marobe ireo fiara mipetra-potsiny ao amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina.

Antsiranana

Vary simba 50,6 taonina nodorana



Fandorana ireo simba tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ramena. (Sary nindramina)

Voasoroka ny loza nanambana ny fahasalamambahoaka tany Antsiranana. Nodorana omaly tao amin'ny kaominina ambanivohitra Ramena, distrikan'Antsiranana II, ny vary simba 50,6 taonina. Niara-nanantanteraka ity hetsika ity ny teo anivon'ny fitaleavam-paritry ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana ao amin'ny faritra Diana sy ny mpi-tandro filaminana avy amin'ny OMC (Organe Mixte de Conception) ary ny Fadintseranana. Araka ny fampita-

tam-baovao voaray avy any an-toerana dia avy any Pakistan ny fiavian'ireto vary ireto, ary efa tamin'ny volana marsa no tonga tao Antsiranana. 21 200 gony na 1 060 taonina ny fitambarany. Azon'ny rano noho ny filatsahan'ny orana tany an-toerana ny ampahany tamin'ireo. Natao fitiliana tany amin'ny laboratoara ny ampahany tamin'ireo vary lena sy ny ampahany tamin'ireo tsy azon'ny rano. Nivoaka ny valin'ny fitiliana avy tamin'ny Minisitran'ny

Fahasalamam-bahoaka, ka nanamafy fa tsy azon'ny olombelona na ny biby hanina intsony ireo 50,6 taonina nodorana omaly. Voamarina kosa fa tsy nisy fahasimbana ny ambin'ireo vary sisa tavela. Tsihivina fa vao tsy ampy tapa-bolana akory no nahatratrana ilay vary simba 124 taonina tany Toamasina. Ity farany izay nodorana, saingy nofongarin'ny olona indray rehefa lasa ny mpitandro ny filaminana.

R. Muray

Mpandala ny Alahamadibe

Niara-namolavola daty hiarahana mankalaza ny taombaovao malagasy

Vory lanona tetsy amin'ny Havoria Anosy omaly ireo mpandala sy mpankalaza ny Alahamadibe. Tao anatin'izany ireo mpandala ny Alahadibe, ny Vondrona "Tsy mamorona fa mamelomaso", ry zareo avy eny Antehiroka, ny fikambanana Hasin'Ankaratra avy any Ankaratra, ny avy eny Ambohimambola - Imerintsia-tosika - Anosimasina - Anosimanjaka, sns... Nisy ny dinidinka sy sy fihonana niezahan'izy ireo namolavola daty iray hoentina mankalaza ny taombaovao, Alahamadibe amin'ny taona 2025. Araka ny marimaritra niraisan'izy ireo omaly, dia amin'ny vody Alahamadidy no hankalazana ny Alahamadibe tena taombaovao ho an'ny malagasy amin'ny taona ho avy iny. Hanatanterahana ny fihonamben'ny mpandala ny Alahamadibe tsy ankana-vaka. Namafisin-dRandriamahandry Armand, na Ramah, fa ny tsinan'ny Alahamadidy no atao hoe : Alahamadibe amintsika Malagasy. "Tsy mila kajikajy,



Nandritrany fihonamben'ny mpandala Alahamadibe tetsy Anosy omaly. (Sary : Yvon Ram)

tsy mila amboarina ary tsy misy hoe : Alahamadidin'Imerina, fa alahamadidy iraisana, Alahamadidy malagasy ary taombaovaoon'ny malagasy no ahafantarany an'io », hoy izy.

Varatra sy tselatra

Nomarihin-dRakotoari-manga Olivier, mpandala ny fombandrazana, sady mpandala ny Alahamadibe nandritra ny fihonamben'ny mpandala ny Alahamadidy omaly, fa isan'ny nampivavaka ny taombaovao malagasy tamin'ity taona 2024 ity

ny fisian'ny varatra sy tselatra nandihy tao anatin'ny fiasaran'ny Alahamadibe. « Nanditra ny adiny iray mahery no nisian'izay seho izay tany amin'ny vohitra iray, toerana nankalazana ny ivon'ny Alahamadibe teny Ambatofahavalo. », hoy izy. Nambary fa izay ilay fihonamben'ny mpandala ny Alahamadidy tamin'ity taona ity. »

Niry R.